Hebreo, Toko Fahenina [2]

. . . mba hianatra Ny Teniny sarobidy.

Tonga aho, vao teo, ary nitondra Baiboly roa. Ary nanana fifampiresahana kely tamin'ny ramatoa iray aho tao ambadika tao, ary niteny taminy aho fa raha hitory teny amin'izy roa aho, dia tokony hanana lahateny tena tsara iray. Saingy voambolana Grika iray ity, noho izany dia misy zavatra iray fotsiny izay tiako ho vakiana avy ao aminy, izao hariva izao. Izany dia—izany dia . . . Izany dia fandikana teny amin'ny teny, avy amin'ny Grika tany am-boalohany, ho amin'ny teny Anglisy. Ary efa fanampiana betsaka ho ahy izany hatramin'izay. Ary te-hamaky zavatra iray fotsiny avy aminy aho, satria mianatra an'ity Bokin'ny Hebreo ity isika ankehitriny, ary tonga eo amin'ireo tena dikany lalina mihitsy isika ankehitriny.

219 Ary niteny tamin-dRahalahy Neville aho, minitra vitsy lasa izay hoe, "Hiditra ao amin'ilay ampahany izay nihaoran'ny olona ny lohany isika ka nanao hoe, 'Tsy mino an'izany aho.'" Hitanareo? Izany ilay karazany izay hidirantsika. Eo amin'izay itiavantsika azy.

220 Mpitoriteny iray no nilaza tamiko, hoy izy hoe, "Eny, ataoko fa hisy betsaka ny fihaoran-doha."

221 Hoy aho hoe, "Izany no tiantsika hatao." Hitanareo?

222 Ny Baiboly irery ihany no afaka manana dikany anankiray. Tsy afaka manana dikany roa Izy. Ary raha milaza zavatra anankiray ny ampahany iray an'ny Baiboly, ka milaza zavatra hafa ny ampahany hafa iray an'ny Baiboly, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra tsy mety. Hitanareo? Izy dia tsy maintsy milaza an'ilay zavatra, hatrany amin'ny farany. Fa, tsarovy, eo am-pianarana ny Baiboly, "Izany dia nafenina tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina, fa nambara tamin'ireo zaza," satria avy amin'ny Boky ara-panahy iray izany.

223 Ary tsy boky tandrefana iray Izy. Boky tatsinanana iray Izy. Fa zavatra iray ihany no afaka mandika Azy, ary izany dia ny Fanahy Masina. Fantatro fa ny tsirairay avy amintsika dia te hilaza, hoe, "Ny Fanahy Masina no miteny aminay an'izay inoanay ao anatin'Izany." Eny, ankehitriny, raha mifanaraka mitovy marina tokoa ny Soratra rehetra, amin'izay fotoana izay dia ny Fanahy Masina izany. Raha tsy mifanaraka ilay izy, ka misy banga iray *eto*, ary banga iray *eto*, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra tsy mety amin'ny finoantsika. Ary, oh, Boky mahafinaritra iray Izy.

224 Ankehitriny, tiako ianareo hanao an'izany raha eo am-pianarana isika. Ankehitriny, tsy maintsy hiainga aloha izahay

rahampitso maraina ho any Wyoming, raha sitraky ny Tompo. Mivavaha ho anay.

Ary amin'io herinandro manaraka io, Rahalahy Graham Snelling, eto . . . Manatrika izy. Nandre azy aho, minitra vitsy lasa fotsiny izay, nanao ny filazany. Ary ity fiangonana ity dia ao amin'ny fiaraha-miasa feno amin'ny fifohazany. Ary mivavaka amin'Andriamanitra isika, mba hanome azy fifohazana mihoatra, betsaka, lehibe iray. Rahalahy Graham dia nanao fifohazana iray ho an-dRahalahy . . . tany Charlestown tany, Rahalahy Junior Cash, ary nisy niova fo teo amin'ny zato mihitsy tany, mino aho. [Hoy ny olona iray hoe, "Efatra amby valopolo."—Mpand.] Niova fo efatra amby valopolo. Noho izany, ho an'izany, dia manome dera an'Andriamanitra isika. Ary matoky izahay fa hahazo efatra amby valopolo sy dimanjato eto, eto, eto amin'ity toerana eto ity.

225 Nihaona tamiko Rahalahy Graham androany, ka hoy izy hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Bill, azoko antoka fa azonao hoe tsy eto aho mba hanomboka asa hafa iray hifanohitra amin'ny tabernakla, satria ampahan'ny tabernakla aho." Eto fotsiny izy mba . . . Mahatsapa izy ao am-pony fa te-hanao fifohazana iray, ary ny Tompo no nitarika azy hanao an'izany. Ary—ary manasa an'ireo niova fo izy, ary manana fiangonana iray, handefasana azy ireo avy hatrany hoe, "Ity ny fiangonana eto an-toerana iray, raha miditra ianareo, raha miova fo."

226 Ary andraikitsika, amin'ny maha-Kristiana, ny manohana azy amin'ny zavatra rehetra izay vitantsika. Koa ny Tompo anie hitahy an-dRahalahy Graham. Ary ianareo dia, ny tsirairay avy, dia asaina am-pitiavana ho any amin'ny fivorian-dRahalahy Graham eto, miaraka amin'ny fanomezan-dàlana feno avy amin'ity fiangonana ity, miaraka amin'ny fiaraha-miasa feno mba hanampy azy amin'ny fomba rehetra izay vitantsika, ho an'ireo fanahy very sy ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

227 Ny Tompo hitahy anao, Rahalahy Graham, hanome anao fivoriana lehibe iray. Tsy fantany hoe rahoviana izy no hamarana. Vao manomboka fotsiny izy. Ary noho izany, Rahalahy Graham dia efa nanana an'izany tahaka ny tenako, ireo *ambony* sy *ambany* maro. Tahaka an'izany no andehanan'ny fiainana. Manao anareo hankasitraka an'ireo *ambony* izany rehefa avy mandalo an'ireo *ambany* ianareo. Raha lavo ny olona iray ka mandry eo, dia kanosa iray izy. Manana fahatokiana aho rehefa hitsangana ny olona iray ka hanandrana indray. Marina izany. Azoko antoka fa afaka mandika an'izay tiako lazaina ianareo. Ankehitriny, aza adino izany, amin'io herinandro ho avy io.

228 Ankehitriny, ao amin'ity Bokin'ny Hebreo ity, tsy haka an'ilay foto-kevitra isika izao hariva izao.

229 Ankehitriny, amin'ny Alahady heriny, raha sitraky ny Tompo, dia Rahalahy Neville no hilaza. Rahalahy Cox eto, na ny sasany amin'izy ireo, no hampahafantatra azy, raha tonga ara-potoana izahay ho an'ny fivoriana amin'ny Alahady heriny. Izy no hilaza an'izany amin'ny radio. Ary isika dia . . . Mihainoa ny radio-ny ianareo rehetra ankehitriny, ary—ary—ary asao ny mpiara-monina aminareo rehetra hihaino. Tena manana fifaliana marina tokoa aho amin'ny fihainoana ny toritenin'izy ireo sy ny hirany, ilay Neville feo efatra. Tsy milaza an'izany aho satria hoe mipetraka eto izy. Raha nilaza an'izany aho, nefa tsy tao am-poko no niheverako azy, dia ho mpihatsaravelatsihy iray aho. Marina izany. Tokony hibebaka aho. Fa mihevitra an'izany aho. Ary aleoko manome voan-draozy kely iray ho azy ankehitriny toy izay fehezam-boninkazo iray manontolo aorian'ny nahalasanany.

230 Indray mandeha dia nivoaka teo amin'io varavarana etsy io aho, ary nisy ramatoa iray nanatona, ka hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, oh, toy ny ahoana no nankasitrahako an'ilay hafatra!"

231 Hoy aho hoe, "Misaotra anao." Nanao ahy hahatsapa ho tsara izany.

232 Nanatona ny olon-kafa iray, nanao hoe, "Rahalahy Branham, mankasitraka an'ilay hafatra aho."

233 Hoy aho hoe, "Misaotra anao."

234 Nisy mpitory teny kely iray teto, avy tany amin'ny ilany avaratry ny firenena, ao amin'ny fanjakana, hoy izy hoe, "Isaorana Andriamanitra, tsy mila olona handoka ahy tahaka an'izany aho."

235 Hoy aho hoe, "Izaho dia mila." Ary hoy aho hoe, "Misy fahasamihafana iray fotsiny eo amiko sy aminao. Ary mahitsy fo aho ny amin'izany." Marina izany. Isika rehetra dia tia mandre teny mahafinaritra voalaza mikasika antsika. Ary izaho—heveriko fa mahafinaritra ny milaza teny mahafinaritra mikasika an'izany. Ka raha mila olona iray hilaza teny mahafinaritra mikasika anareo ianareo, dia milazà teny mahafinaritra mikasika olon-kafa iray. Tahaka an'izany no anaovana an'io, amin'izay fotoana izay dia hilaza foana an'ireo zavatra mahafinaritra indrindra izay vitanareo mikasika ny olona rehetra ianareo. Ary izany no manao an'ilay kodiarana hihodina tsaratsara kokoa.

236 Ankehitriny, ao amin'ity, amin'ny Alahady heriny, raha sitraky ny Tompo, araka ny hevitro, dia manana isika, hiditra lalina kokoa sy lalina kokoa fotsiny ao amin'ireto zava-miafina lehibe an'Andriamanitra ireto. Hiditra ao amin'i Melkizedeka isika: Iza Izy, avy taiza Izy, lasa aiza Izy, inona no nitranga Taminy, ary ny rehetra mikasika an'i Melkizedeka.

237 Ary ankehitriny, tamin'ny Alarobia hariva lasa, dia nikasika ny toko farany ny amin'ilay maha-Andriamanitra faratampony

sy ny asam-pisoronan'ny Jesosy Tompontsika i Rahalahy Neville, izay manomboka any amin'ny voalohany hoe, "Andriamanitra, tamin'ny fotoana samihafa sy fanao samihafa dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, ao amin'izao andro farany izao dia niteny tamintsika tamin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy."

238 Avy eo dia manohy izy, ary manomboka miteny sy mampitaha hoe iza Izy, mitondra Azy hatrany amin'ny toko faha-5, eo amin'ny faran'ny toko faha-5.

239 Avy eo dia manomboka amin'ny toko faha-6, nanana an'io isika tao amin'ny lesontsika aninkeo maraina.

> *Noho izany dia mandao an'ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy, ndao isika handroso* ho *amin'ny fahatanterahana;. . .*

240 Firy no nankasitraka ny hafatra mikasika ny fahatanterahana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Izany no hafatsika, aninkeo maraina, tao amin'ny toko faha-6-n'ny Hebreo.

241 Ankehitriny dia hiditra fotsiny ao amin'ny toerana izay hanombohantsika hahita an'ilay—ilay tena ampahany isika. Oh, afaka hifanaraka eo amin'ireo zavatra ireo isika rehetra: eo amin'ny maha-Andriamanitra an'i Kristy; ary Izy ho Zanak'Andriamanitra; ary ahoana fa niaraka tamin'Andriamanitra Izy, ary Andriamanitra niaraka Taminy; ary Izy tao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra tao Aminy, sy ny sisa. Mifanaraka eo amin'izany isika rehetra. Fa, ankehitriny, manomboka eto, dia tsy fantatro hoe ahoana no hifanarahantsika. Noho izany na inona na inona ilay izy, isaky ny hariva vitsivitsy, dia hanome anareo anjara iray izahay hanoratra naoty kely ho ahy ka hiteny amiko an'izay eritreretinareo mikasika an'Izany.

242 Amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy hamaly fanontaniana aho. Ary raha tsy afaka mamaly azy ireo aho, dia hilaza aho hoe, "Rahalahy Neville, ahoana ny hevitrao mikasika an'izany?" Hilaza aho hoe, "Io izy. Aoka izy no hamaly an'izany." [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Amin'izay aho no hamaky an'ilay teny Grika."—Mpand.] Amin'izay fotoana izay Izy no hamaky an'ilay voambolana, haka an'ilay teny Grika. Heveriko fa izay no fotoana ho ahy hanaovako, ihany koa.

243 Fa, ankehitriny, raha hipetraka isika ka ho tena tso-po, ary tonga ho an'ny tanjona iray, izany hoe, hianatra. Izaho dia te-hianatra, ihany koa. Ary ny Baiboly dia voasoratra, nanao hoe, "Izany dia . . . Tsy avy amin'ny fandikana manokana ny Soratra." Izany dia midika fa ny Soratra dia tsy maintsy mandika ny Soratra. Hitanareo? Ny Soratra tsirairay dia tsy maintsy mandika an'ilay hafa, manerana ny Baiboly manontolo, mba

hanao azy ho zavatra lehibe anankiray. Satria, tsy afaka miova Andriamanitra, satria Izy no Andriamanitra tsy miovaova.

244 Ankehitriny, "Mandao . . . "

> *Noho izany dia mandao an'ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy, ndao isika handroso* ho *amin'ny fahatanterahana;* . . .

245 Tiako i Paoly rehefa milaza an'ireo zavatra ireo. Paoly dia tsy olona iray mihitsy izay tia mijanona ela loatra eo amin'ny toerana anankiray. Tiany ny mandroso, lalina kokoa. Indray mandeha, ao amin'ny Soratra, dia hoy izy hoe, "Izaho, manadino an'ireo zavatra izay tany amin'ny lasa, mandroso mankany amin'ny mariky ny antso avy any ambony aho." Hitanareo? Manohy mandroso izy.

246 Eto izy dia milaza hoe:

> Ankehitriny manadino *an'ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy* (iza Izy, inona Izy), ndao isika *handroso* ho *amin'ny fahatanterahana;* . . .

247 Ankehitriny isika, voalohany, dia tiantsika ny nahita hoe, "Afaka ny ho *tanteraka* ve isika?" Ary hitantsika, tao amin'ny Soratra aninkeo maraina, Matio 5:28, fa Jesosy no nilaza hoe isika "dia tokony ho tanteraka mihitsy tahaka an'Andriamanitra," raha tsy izany dia tsy hiditra isika.

248 Avy eo dia hitantsika fa isika dia, ny tsirairay avy, "teraka tamin'ny ota, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao miteny lainga." Ary tsy misy zavatra iray tsara mikasika antsika, noho izany dia ahoana no mba ahafahantsika ho tanteraka?

249 Ankehitriny eto no ahitantsika arak'izany, eo, eo am-pamakiana, eo am-pandraisana ny Soratra miaraka amin'ny Soratra, fa, "Jesosy, tamin'ny fanatitra anankiray, no nanamasina, mandrakizay, Ny Fiangonany." Izy . . . Tanteraka isika noho izany, amin'ny alàlan'i Kristy. Ary afaka amin'ny fitsarana isika, amin'ny alàlan'i Kristy. Tsy ho faty intsony isika, amin'ny alàlan'i Kristy. Nahavery ny fahafatesana isika ary nahita ny Fiainana, amin'ny alàlan'i Kristy; tsy amin'ny alàlan'ny fiangonana iray, tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana iray, tsy amin'ny alàlan'ny foromporonina iray, tsy amin'ny alàlan'ny fiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, tsy amin'ny alàlan'ny fihiakiahana, tsy amin'ny alàlan'ny fangovitana, tsy amin'ny alàlan'ny fandihizana ao amin'ny Fanahy, fa nohon'ny fahasoavana.

250 Miantso an'izay Tiany Andriamanitra. Ary izany rehetra izany dia amin'ny alàlan'ny fifidianana, hitantsika. Hitantsika, fa, "Tsy izay te-hovonjena. Tsy izay maniry na izay mihazakazaka; ilay izy dia Andriamanitra izay maneho famindrampo." "Ary tsy misy olona afaka manatona an'i Jesosy

raha tsy Andriamanitra no mitarika azy, aloha." Noho izany dia inona no idiranareo amin'izany, na ahoana na ahoana? Tsy misy idiranareo amin'izany. Ianareo dia any ivelan'ilay sary, avokoa.

251 Hitantsika fa tsy ny olona mihitsy no mitady an'Andriamanitra. Andriamanitra no mitady ny olona. Ary hitantsika, avy eo, fa Andriamanitra irery ihany no loharanon'ny Fiainana Mandrakizay. Hitantsika fa ny zavatra rehetra izay Mandrakizay dia tsy manana fiandohana na fiafarana. Noho izany, dia hitantsika fa nanana fiandohana iray ny helo, ary manana fiafarana iray izy. Ary tokana ihany no misy . . . Tsy misy olona hany afaka hilaza fa mandrakizay ny helo; mandrakizay, eny, mandrakizay, [forever,—Mpand.] fa tsy Mandrakizay. [Eternal.]

252 *Mandrakizay* [*Forever*] dia "elanelam-potoana iray." Hoy ny Baiboly hoe, "Mandrakizay sy mandrakizay." Ary amarino izany dia jereo raha ny *mandrakizay* [*forever*] dia tsy midika hoe "elanelam-potoana iray." Nilaza i Jona fa izy dia tao anatin'ny kibon-trozona "mandrakizay." ["forever."] Ary Soratra hafa maro, ny *mandrakizay* [*forever*] dia midika fotsiny hoe "elanelam-potoana iray."

253 Fa, ny *Mandrakizay*, [*Eternal,*] izany dia "mandrakizay"; ["forever;"] izany dia mandrakizay sy mandrakizay sy mandrakizay sy mandrakizay ary mandrakizay. Izany no Mandrakizay. [Eternal.] Ary hitantsika fa ny helo dia tsy Mandrakizay, [Eternal,] fa izy dia mandrakizay. [forever.] Ary ny antony, tsy maintsy mitandrina an'ireo teny ireo ianareo, ankehitriny. Raha tsy mitandrina ianareo, dia hikorontana ianareo. Ankehitriny, tsarovy, ireo zavatra izay tsy nanana fiandohana fotsiny, no tsy manana fiafarana. Noho izany, dia hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana," mandrakizay? [forever?] Maneno tsara ve izany? Tsia. "Manana Fiainana Mandrakizay." [Eternal.] Ary ny teny hoe *Mandrakizay* [*Eternal*] dia "Andriamanitra." Ny teny, ity eto ity mihitsy izany ao amin'ny voambolana Grika, Zoe Fiainan'Andriamanitra no ao anatinareo. Ary Mandrakizay mihitsy tahaka an'Andriamanitra izay Mandrakizay ianareo, satria manana an'Andriamanitra ao anatinareo.

254 Maty ireo natioranareo fahiny, ny natioran'izao tontolo izao, ary lasa olom-baovao ianareo. Ary ireo fanirianareo, io fiainana fahiny izay nanana fiandohana iray io rehefa nitsoka an'ilay fofon'aina tao anatin'ny lavak'oronareo Andriamanitra, rehefa teraka ianareo, io fiainan'ny natiora ara-nofo io dia maty. Fa nanana fiandohana iray izany ary nanana fiafarana iray, ary maty izany ka voafafa mandrakizay, ilay natiora fahiny. Ary niditra niaraka tamin'ilay Natiora vaovao Andriamanitra. Noho izany, ny fitiavana, ny fifaliana, ny fiadanana, ny fahari-po, ny fahalemem-panahy, ny fiadanana, ny faharetana, sy

ny fahamoram-panahy, ary ny fahatsaram-panahy, izany no niditra; ary naka ny toeran'ny lolom-po, sy fahatezerana, sy fankahalana, sy—sy fialonana, fifamaliana, ary ireo zavatra rehetra ireo. Izany no naka ny toerany, rehefa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Azonareo ve ilay izy, tena tsara, ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

255 Noho izany, henoy. Endrika Fiainana Mandrakizay iray ihany no misy. Tadiavo Izany. Izany dia, Andriamanitra irery no manana Fiainana Mandrakizay. Ny Baiboly no niteny an'izany. Andriamanitra irery no manana Fiainana Mandrakizay. Ary raha misy olona iray hijaly ao amin'ny helo, mandrakizay, [forever,] dia tsy maintsy manana an'Andriamanitra izy, Mandrakizay. [Eternal.] Fa milaza aho fa misy . . .

256 Ankehitriny, tsarovy, tsy milaza aho hoe tsy misy ny helo iray mirehitra. Misy ny helo iray mirehitra, afo sy solifara. "Misy ny—ny kankana no . . . tsy mety maty ilay afo ary tsy maty mihitsy ny kankana," an'ny afo sy solifara, fanasaziana iray. Mety maharitra zato lavitrisa taona izy. Saingy tsy maintsy manana fiafarana iray izy, satria ny helo dia noforonina ho an'ny devoly sy ny anjeliny. Ary ny zavatra rehetra izay ilay tena Andriamanitra mihitsy, Izy tenany, izay tany amin'ny fiandohana, ny zavatra rehetra dia nivoaka avy tamin'Andriamanitra. Rehefa ilay tena Fanahy mihitsy . . .

257 Raiso fotsiny ilay *Fanahin'*ny fitiavana, izany no fototra lehiben'Andriamanitra, mangarangarana, tsy nifangaro. Avy eo amin'io, no niditra ny fitiavana *nosimbaina* iray. Avy eo izany dia niditra tao amin'ny fitiavan'*olombelona*. Avy eo izany dia niditra tao amin'ny fitiavana *ara-pananahana*. Avy eo izany dia niditra tao amin'ireo fitiavana hafa, fitiavana sy fitiavana, ary nanohy nidina nanimba fotsiny hany ka lasa *loto* fotsiny izany. Fa ireo zavatra rehetra ireo dia nanana fiandohana iray. Ary indray andro any dia hiverina avy hatrany mankany amin'ilay tany am-boalohany izany; izany no Mandrakizay; fa ny fitsiriritana, fitiavan'olombelona, fitiavana ara-pihetsehampo, ireo fitiavana rehetra ireo dia tsy maintsy hitsahatra.

258 Ireo mody-finoana rehetra an'ny Finoana ireo dia tsy maintsy hitsahatra. Finoana marina iray ihany no misy. Ireo hafa rehetra dia tsy maintsy hitsahatra. Fanimbàna avy amin'io tena loharano io izy ireo.

259 Koa, noho izany, ny helo, ny fijaliana, ny fijaliana dia tsy Mandrakizay. Ny fijaliana dia tonga nohon'ny fahotana, ary ny fahotana no nampiditra ny fijaliana. Ary rehefa mifarana ny fahotana, ny fijaliana dia tsy maintsy hifarana, ihany koa. Ary hisy fotoana iray izay ireo mpanota, izay tsy nanaiky an'i Kristy mihitsy, rehefa avy nosaziana nandritry ny zato lavitrisa taona angamba, . . . tsy fantatro, angamba nandritry ny zato tapitrisa

lavitrisa taona. Tsy afaka milaza aho. Fa tsy maintsy tonga eo amin'ny fiafarana iray izy, indray andro any, satria tsy Mandrakizay izy.

260 Ankehitriny, handroso isika ankehitriny, mankany amin'ilay fahatanterahana. Henoy ankehitriny, raha miditra ao amin'ny Hafatra isika.

> *. . .tsy hanao fanorenana indray an'ny fibebahana amin'ireo asa maty, sy* amin'ny *finoana* an'*Andriamanitra,*
>
> *An'ny fampianarana ny amin'ny batisa,. . . fametrahan-tànana,. . .fitsanganan'ny maty, ary. . . fitsarana mandrakizay.*

261 Henoy ankehitriny. Manana anankiroa isika . . . Manana sary iray isika eto, ankehitriny. Ankehitriny dia eto mihitsy no hahazoantsika tsy fifankahazoana lehibe sasany. Ankehitriny dia tokony ho hitanareo izay misy an'ilay sary. Miezaka i Paoly, eto, ny manasaraka ny *lalàna* amin'ny *fahasoavana*. Manana sary anankiroa isika: ny anankiray, dia ilay ara-nofo; ny anankiray, dia ilay ara-panahy. Ary i Paoly dia miezaka ny—ny hampisaraka eo amin'ireo anankiroa, mba haneho amin'ireo Jiosy. Ity epistily ity dia ho an'ireo Hebreo. Ary miezaka ny Hebreo rehetra mba haneho fa ny modelin'ny Testamenta Taloha dia manao tandindona ny Vaovao. Noho izany, dia manana sary anankiroa ianareo eto eo ambanin'ny fandinihana.

262 Henoy tsara ankehitriny raha mamaky isika. Ankehitriny dia hoy izy hoe:

> *. . .mandao an'ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy, ndao isika handroso* ho *amin'ny fahatanterahana;. . .*

263 Ankehitriny, nanana an'izany isika aninkeo maraina, ahoana fa natao tanteraka isika. Natao tanteraka, tsy misy pentina ary tsy misy tsiny mihitsy, tsy misy fahotana iray eo amintsika. Eo ambonin'ny fakam-panahy ve ianareo? Tsia mihitsy. Manota ve ianareo isan'andro? Eny, tompoko. Fa, kanefa, natao tanteraka isika satria ao Aminy. Ary tsy afaka hitsara antsika amin'ny inona na inona intsony mihitsy Andriamanitra (tsy mety ho marina), efa nitsara antsika tao Aminy Izy. Rehefa nitsara an'i Kristy Izy: dia nitsara ahy Izy, nitsara anareo Izy. Ary tsy afaka hitsara ahy indray Izy, satria Izy no naka ny fitsarako raha efa navotana aho.

264 Ary manana tapakila iray aho mba haneho fa efa nanavotra ny famantaranandroko avy tamin'ilay mpampindram-bola misy antoka aho, avelao hisy olona iray hanandrana hitondra an'izany mankany amin'ilay mpampindram-bola misy antoka indray mandeha, nefa manana tapakila iray aho. Efa navotako ilay izy.

Ary raha hanandrana hametraka fanasaziana eo amiko ny devoly, dia manana tapakila iray aho izay maneho fa efa navotana aho. Eny, tompoko. Tsy misy fitsarana intsony! "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana intsony, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany no tapakilako. Izy no nanome an'ilay teny fikasana.

265 Ankehitriny, ankehitriny ilay sary, eto.

> . . . *tsy hanao* fanorenana *indray an'ny fibebahana amin'ireo asa maty, sy* . . . *finoana* an'*Andriamanitra,*
>
> . . . *fampianarana ny amin'ny* batisa, . . . *fametrahantànana,* . . . *fitsanganan'ny maty,* . . . *fitsarana mandrakizay.*

266 Ankehitriny, tsarovy. Efa voamarikareo ve fa nampiasaina indray io teny io? Nampiasa azy isika aninkeo maraina, "fitsarana Mandrakizay." Rehefa miteny indray mandeha Andriamanitra, dia Mandrakizay Izany. Tsy afaka miova Izany, na kely aza. Noho izany, ny fitsarana dia Mandrakizay, fitsarana foana izany. Ary tsy mampaninona na taranaka inona no iainantsika, ho velona ny taranaka iray, ary ho velona ny lalàna iray, ary mandrakizay izany, na mandritry ny fotoana inona, ary *ity* sy *itsy*. Fa mbola Mandrakizay foana ny fitsaran'Andriamanitra, tsy maintsy Izy, satria efa niteny ny Teny Izy. Rehefa miteny Teny iray Andriamanitra, dia tsy maintsy Mandrakizay Izany. Marina izany.

267 Ankehitriny dia mamelà ahy hamaky an'izany avy ao amin'ny Grika ho anareo. Henoy hoe ahoana no vakiny.

> *Noho izany dia mandao—mandao an'ireo abidimpianarana ny amin'i Kristy, ilay Anankiray fanatipanavotana, isika dia tsy maintsy manosika—manosika mankany amin'ny* . . .

Ankehitriny, tsy afaka mamaky an'ilay izy aho. Voakosoka ilay izy. "Ary tsy mametraka indray ny endriky . . ." Eto isika izao.

> . . . tsy *mametraka indray ny endriky ny fanavaozana amin'ireo asa miteraka fahafatesana.*

268 Ankehitriny, ity voambolana ity dia tena tsy manome fandikana iray, mihitsy. Ilay izy dia teny Grika fotsiny ho an'izay lazain'ny teny Anglisy. Ary izao no voalaza hoe, "Ankehitriny isika dia tsy mila . . . " Henoy eto, hitanareo.

> . . . tsy *mametraka fanorenana an'ny fanavaozana amin'ireo asa miteraka fahafatesana.*

269 Ankehitriny raha hihazona an'izany ao an-tsainareo ianareo, izay teneniny eto, hoe, "Ireo endriky ny fanavaozana dia miteraka fahafatesana." Hoy i Paoly hoe, "Mandao an'ireo

abidia, mandeha ho amin'ny fahatanterahana, tsy manao fanorenana indray an'ny fibebahana amin'ireo asa maty sy finoana an'Andriamanitra: fampianarana ny amin'ny batisa, fametrahan-tànana, fitsanganan'ny maty, fitsarana Mandrakizay." "Ireo endriky ny fanavaozana miteraka fahafatesana," no teny marina. Izany tokoa no nosoratan'i Paoly. Hitanareo ve izay ezahany hatao?

270 Ankehitriny, ireo zavatra rehetra ireo, toy ny batisa: ny anankiray natao batisa nankany aoriana, ny anankiray nankany aloha, ny anankiray tamin'ny anaran'ny Ray, Zanaka ary Fanahy Masina, ny anankiray anaran'i Jesosy, ny anankiray tahaka an'*ity*, sy tahaka an'*itsy*, ary ireo zavatra kely samihafa rehetra an'ny batisa.

271 Ary ny amin'ny fametrahan-tànana: "Isaorana Andriamanitra, manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fametrahan-tànana aho. Haleloia! Ianareo, afaka manana an'Izany tahaka an'*izao* ianareo. Haleloia!"

272 Apetraho eny amin'ny ilany izany rehetra izany, satria asa maty izany, ireo fanavaozana, manavao. Hitanareo? Miresaka ny amin'ny kilasy hafa iray izy. Ankehitriny dia hoy izy hoe, "Ndao isika hanalavitra an'izany, ka handroso ho amin'ny fahatanterahana." Azonareo ve Izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

273 Nefa ilay fiangonana dia mbola miraikiraiky eo amin'ireo zavatra ireo foana. Izany no niezahan'izy ireo natao. Ilay fiangonana Hebreo voalohany dia niezaka nilaza hoe, "Eny, natao batisa tamin'ny fanitrihana aho, ary—ary nahazo an'*ity* aho, sy *ity*, ary *ireto* zavatra rehetra ireto."

274 Hoy izy hoe, "Ankehitriny, dia apetraho eny amin'ny ilany izany rehetra izany, avelao any aoriana izany." Fa, ankehitriny, nilaza ve izy fa tsy tokony hanao an'izany isika? Henoy ankehitriny izay nolazainy mikasika an'izany.

Ary izao no hataontsika, . . . avelan'Andriamanitra.

275 Ary milaza an'ilay zavatra iray ihany ilay tany amboalohany.

Izao no hataontsika, raha havelan'Andriamanitra isika, hitanareo.

Izao no hataontsika, raha avelan'Andriamanitra isika.

276 Batisa, fametrahan-tànana, sy ny sisa, saingy tsy tanteraka izany. Fanavaozana ara-nofo fotsiny ihany izany. Ary eo amin'izany no ijanonan'ny fiangonana, amin'izao andro izao, dia eo amin'io fanavaozana ara-nofo io. Hoy ny iray amin'izy ireo hoe, "Oh, eny, ny rano, ny teny hoe *batisa* dia midika an'*ity* ary izany dia midika an'*itsy*."

277 Dia manangana rafi-pandaminana izy ireo: ka ny anankiray mamafy, ny iray hafa mandraraka, ary ny iray hafa manao batisa

mankany aloha, ny iray hafa mankany aoriana, ary ireo zavatra rehetra ireo; ny sasany amin'izy ireo mametra-tànana ho an'ny marary, ary ny sasany manao apostoly, ary ny sasany manao mpaminany sy ny sisa, amin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana; ary mitory ny fitsanganana amin'ny maty, ary mety tsara daholo; ary ny maha-Andriamanitra faratampony an'i Kristy, mety tsara daholo izany. "Saingy," hoy izy, "fanavaozana ara-endrika daholo ireo rehetra ireo. Nanavao fotsiny isika. Ankehitriny dia ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Azonareo ve ilay sary? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

278 Diniho ankehitriny. Eto no tonga ilay ampahany lalina ankehitriny.

> *Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, ary efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina,*
>
> *Sy efa nanandrana* an'*ny teny tsaran'Andriamanitra, . . .ny* herin'*ny fiainana ho avy,*
>
> *Raha hihemotra izy ireo, ny hanavao azy ireo indray ho amin'ny fibebahana; satria* dia *manombo ho an'ny tenany ny Zanak'Andriamanitra indray izy ireo, ka manao azy ho fahamenarana miharihary.*

279 Ankehitriny, fantatro izay anananareo mpanara-dalàna ao an-tsainareo izao ankehitriny izao, saingy diso ianareo. Hitanareo? Eny àry. Eo amin'ity no ijoroako, ary ny Baiboly no manamarina azy, hoe, "Raha hany namonjy olona iray Andriamanitra, dia voavonjy ho an'ny fotoana rehetra sy ho an'ny Mandrakizay izy." Tsy afaka manao Azy hilaza zavatra hafa ianareo.

280 Nanatona ahy ny mpanara-pototra iray, vao tsy ela akory izay, ka nanao hoe, "Tratrako eo amin'ny anankiray ianao, ry Branham Mpitory teny. Tratrako amin'ny anankiray ianao. Hoy ianao hoe, 'Raha voavonjy ny olona iray, dia tsy mety ho very intsony izy'?"

281 Hoy aho hoe, "Izany no nolazain'Andriamanitra."

282 Hoy izy hoe, "Te-hanontany zavatra aminao aho. Mpaminany iray i Saoly, ary naminany izy. Ary fantatrao fa voahosotr'Andriamanitra izy. Ny Baiboly no nilaza fa voahosotra izy. Ary namono tena izy, ka very."

283 Hoy aho hoe, "Izany ve izy?" Hoy aho hoe, "Ny Baiboly dia manambara fa izy dia 'voavonjy.' Taorian'ny nahalasanany ho fahavalon'Andriamanitra, dia mbola voavonjy foana izy. Ny Baiboly no nilaza fa voavonjy izy. Ary, sady izao koa, tsy namono tena izy. Filistina iray no namono azy, ary Davida no namono an'ilay Filistina nohon'ny namonoany azy. Nianjera teo ambonin'ny sabany izy, ny lefony, sabany, saingy, nanao izy. Tsy

nahafaty azy izany. Fa Filistina iray no namono azy. Ary avy eo rehefa nandeha nankany amin'ilay mpamosavivavy i Saoly, ka niantso ny fanahin'i Samoela izy, satria tsy mbola niditra tany amin'ny Voninahitra izy, tao paradisa izy teo ambanin'ny ràn'ombilahy sy osilahy nararaka izay tsy afaka manaisotra ny fahotana. Fa tsy maintsy nanana toeram-piandrasana iray izy, izay antsoina hoe paradisa, mandra-pidirany."

284 Eo no mampisavoritaka anareo vahoaka Katolika. Hitanareo? Ankehitriny, tsy misy paradisa intsony ankehitriny. Mandeha avy hatrany ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra isika.

285 Ary rehefa niantso ny fanahin'i Samoela ilay mpamosavivavin'i Andora, dia nitsangana teo izy. Ary lavo tamin'ny tavany izy, ka nanao hoe, "Nahoana ianao no namitaka ahy?"

286 Ary tsy i Saoly irery ihany no nitsangana teo . . . Samoela no tiako lazaina, tao amin'ny akanjon'ny mpaminaniny, mbola mpaminany iray foana izy. Hoy izy hoe, "Nahoana ianao no niantso ahy hivoaka amin'ny fitsaharako," hoy izy, "satria lasa fahavalon'Andriamanitra ianao?"

287 Hoy izy hoe, "Eny, tsy hiteny amiko intsony ilay Orima. Tsy afaka maminany ho ahy intsony ny mpaminany. Tsy afaka mahazo nofy iray koa aho."

288 "Eny," hoy i Samoela, "lasa fahavalon'Andriamanitra ianao. Fa rahampitso dia hivadika ny ady, ka ho faty ianao rahampitso. Ary amin'ny fotoana tahaka an'izao, rahampitso hariva, dia hiaraka amiko ianao." Raha very i Saoly, dia toy izany koa i Samoela, very izy roa miaraka. Izany tokoa. Ny Baiboly no niteny an'izany.

289 Ankehitriny, afaka ho taitaitra tanteraka ao amin'ny fientanam-po ianareo, amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, mihiakiaka, mihetsiketsika, mangovitra, mihazakazaka mandroso-sy-miverina eo amin'ny làlantsara. Tsy misy na inona na inona manohitra an'izany. Fa afaka manao ny tenanareo hino ianareo hoe voavonjy nefa tsy izany ianareo, tsy voavonjy ianareo. Ny fiainanareo no hanaporofo an'izay maha-izy anareo. Jesosy no nilaza fa ilay izy dia, "Ny voany no hahafantaranareo azy ireo." Ny fiainanareo no hanaporofo na voavonjy ianareo na tsia, na dia tsy manokatra ny vavanareo mihitsy aza ianareo. Izany no hanaporofo an'izay maha-izy anareo.

290 Fa io fahataitairana rehetra sy fientanam-po ary fikambanana amin'ny fiangonana io hoe, "Fa efa natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy aho, haleloia, fantatro fa manana Azy aho," tsy midika na inona na inona izany.

291 “Efa vita batisa aho, anaran’ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina, nankany aloha, intelo. Nahazo Azy aho.” Tsy midika na inona na inona izany.

292 Hoy i Paoly hoe, “Ndao isika handroso ho amin’ny fahatanterahana ankehitriny.” Miresaka mikasika ny natao tanteraka isika. Ary raha hikaroka an’ity isika, dia ho hitanareo, ny natao tanteraka dia ny Voafidy. Hoporofoiko aminareo izany, afaka minitra vitsy, amin’ny alàlan’ny Baiboly. Izany dia ny Voafidy izay Andriamanitra, talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao, no nahita ny tsirairay avy amin’izy ireo. Ary naniraka an’i Jesosy Izy mba hanavotra an’io vahoaka io, tsy izao tontolo izao manontolo. Tiany ny hanao, saingy tsy maintsy nanao làlana iray ho an’ireo Izy. Ary ny fomba tokana Azony natao, dia ny naniraka an’i Kristy; mba Hahafahany ho tonga, ilay fanaovam-panavotana ho an’ny fahotantsika, mba hahatonga an’ireo izay efa voafidy, ho Azony entina miaraka Aminy, any amin’ny Voninahitra.

293 Azonareo eritreretina ve hoe Andriamanitra dia mampandeha ny Asany tena goragora, mba hilazana hoe, “Eny, angamba hisy olona iray hieritreritra tena malahelo mihitsy mikasika Ahy, angamba ho avy izy ireo ka ho voavonjy”? Tsy mila miangavy anareo hanao na inona na inona Andriamanitra. Ny fiangaviana rehetra, dia ianareo no mila manao fiangaviana, fa tsy Andriamanitra.

294 Ary noho izany, Kristy dia maty hamonjy an’ireo izay nofidian’Andriamanitra, tamin’ny fahalalana mialoha, mba hihaona Aminy any tsy misy pentina na fikentronana. Talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao, dia efa nahita anareo tany amin’ny Voninahitra Izy. Izany no nolazain’ny Baiboly, Efesiana, ny toko faha-1. Toko faha-5, ny andininy faha-1. Andriamanitra no nifidy mialoha tamin’ny fahalalana mialoha.

295 Ankehitriny, raha nanao an’izany Andriamanitra, nifidy mialoha antsika talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao; ary nahafantatra ny tsirairay avy amintsika amin’ny anarana, talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao; sy Nifidy antsika ho amin’ny Fiainana Mandrakizay; ary naniraka an’i Jesosy Kristy mba hanavotra antsika; hoe, enina arivo taona lasa izay, no Nahitany antsika, mba hahafahantsika hiseho ho fiderana Azy ao amin’ny Voninahitra! Ahoana no mba hahavery anareo?

296 Ankehitriny, raha voavonjy ianareo, dia voavonjy. Raha mamonjy anareo Andriamanitra izao hariva izao, eo am-pahafantarana fa hahavery anareo Izy afaka folo taona manomboka androany, dia manohitra ny Tanjony Manokana Izy; Andriamanitra, ilay tsy manam-petra, Tsitoha, Mandrakizay, fahendrena mandrakizay, dia tsy mahafantatra betsaka arak’izany mba hahafantatra na hihazona ianareo na tsy

hihazona. Noho izany, rehefa mamonjy anareo Izy, ka manao hoe, "Eny, hanome azy fizahan-toetra iray Aho, dia hahita izay hataony," amin'izay fotoana izay dia tsy mahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany Izy. Fantatr'Andriamanitra izay Ataony, aza manahy ny amin'izany mihitsy ianareo. Izaho sy ianareo no tafintohina foana. Fantatr'Andriamanitra izay Ataony. Ary Fantany fa isika . . . na hihazona isika, na izay hataontsika.

297 Ankehitriny, ny Baiboly no nilaza fa, Esao sy Jakoba, talohan'ny nahaterahan'ny zaza anankiray, dia hoy Andriamanitra hoe, "Ny anankiray Tiako, fa ny iray hafa halako," talohan'ny nisintonan'izy ireo ny fofon'ainy voalohany mihitsy aza, mba hahatonga ny Fifidianany hijoro marina.

298 Iza moa Abrahama? Ho tonga eo aminy isika afaka minitra vitsy, eto. Iza moa izy, mba ho antsoin'Andriamanitra? Namonjy azy tsy nisy na inona na inona. Manao fanekena iray amin'ny olona Andriamanitra; fa ny olona no mandrava ny fanekeny. Saingy nanao an'ity Fanekena ity tamin'ny Tenany Andriamanitra, ary nianiana tamin'izany, tamin'ny Tenany. Tsy misy idiran'ny olona amin'izany. Fahalalan'Andriamanitra manokana izany. Nataony izany, na ahoana na ahoana.

299 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, noho izany raha lasa Kristiana iray aho, dia afaka manao fotsiny ny zavatra rehetra izay tiako atao ve aho?" Izany tokoa. Raha Kristiana iray ianareo, dia ataovy ny zavatra rehetra izay tianareo atao. Ary manome antoka anareo aho, fa tsy hanana faniriana hanao ratsy mihitsy ianareo. Ataovy ny zavatra rehetra. Efa nanao mihitsy an'izay tiako natao foana aho. Ary raha manompo ny Tompo aho satria matahotra ny handeha any amin'ny helo, dia tsy manompo Azy tsara aho. Raha miaina fiainana mahatoky amin'ny vadiko aho satria matahotra ny hisarahany amiko, dia tsy tena vady tsara iray aho. Fa tsy tehandratra azy amin'ny inona na inona aho, satria tiako izy.

300 Tahaka an'izany ilay izy amin'i Kristy, rehefa nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ny olona iray. Tsy hoe satria nihiakiaka izy, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, na fientanam-po iray; fa tao am-pony, no niditra ny fitiavana ary naka ny toeran'izao tontolo izao. Teneniko aminareo, tia Azy izy. Mandeha eo Anilany izy, isan'andro. Tsy mila miteny aminy ianareo hoe, "Ratsy ny manao an'*ity*, na *itsy*, na ny *hafa*." Fantany fa ratsy ilay izy. Ary, mandeha izy, vokatra voatendry iray an'ny fahasoavan'Andriamanitra masi-mandidy izy. Marina tokoa.

> *Fa tsy azo atao ho an'ireo* izay *efa nohazavaina indray mandeha, . . . natao ho mpandray anjara an'ny . . .* antso *avy any an-danitra . . .*

Ankehitriny, indraindray isika dia mino fa olona iray izay nohazavaina indray mandeha izany ary lavo indray, fa tsy

tahaka an'izany no amakian'ny Baiboly azy. "Tena tsy azo atao mihitsy ho an'ny olona iray," hoy izy eto, "izay efa nandray ny Fanahy Masina, ny mba ho lavo." Vakio ilay izy ankehitriny ary jereo raha tsy marina izany. Diniho eto, raiso ilay lahateny, ilay lahateny manontolo, ary ireo ao anatiny, na votoatiny, raha ny marina.

301 Ankehitriny dia manomboka miresaka izy mikasika ny, inona ilay izy? "Ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Ankehitriny, hoy izy hoe, "Tsy ara-nofo, manao fanorenana eto an'ireo fampianarana sy batisa ary fanavaozana, sy ny sisa. Ndao isika tsy hanao an'izany. Ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana." Ilay lohahevitra dia *fahatanterahana*, ary ny fahatanterahana dia avy amin'i Kristy. Ary ahoana no nidirantsika tao amin'i Kristy? Tamin'ny fikambanana amin'ny fiangonana ve? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray." Tsy tamin'ny hoe: ny anankiray, niditra tamin'ny firesahana amin'ny fiteny tsy fantatra; ny anankiray, niditra tamin'ny fandraisan-tànana; ny anankiray, niditra tamin'ny batisan'ny rano. "Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika tao amin'ny Vatana iray." Azonareo ve ilay izy? Izany no fahatanterahana.

302 Ary rehefa miditra ao amin'Izany ianareo, dia ao amin'ny Kristy, ary izao tontolo izao dia maty aminareo. Ary mandeha miaraka amin'ilay Zanak'ondry isan'andro ianareo, ary ny dianareo dia voalamin'Andriamanitra, izay atao. Oh, ireo fizahan-toetra sy fitsapana izay lalovantsika! Hoy ianareo hoe, "Manana fitsapana ve ianao?" Eny, tompoko. Inona no . . .

303 Ny fahasoavana dia izay nataon'Andriamanitra tamiko, ireo asa dia izay ataoko ho an'Andriamanitra. Ankehitriny, hanao foto-pampianarana iray avy amin'izany izy ireo, mihevitra izy ireo fa ireo asa no ahazoana an'ireo fankasitrahanareo. Raha izany no izy, dia tsy fanomezana maimaim-poana ilay izy. Ny fahasoavana dia izay nataon'Andriamanitra taminareo, "Tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo." Ary ireo asa dia izay ataonareo amin'ny fankasitrahana ny fahasoavana izay Nasehony taminareo. Ka raha tia Azy ianareo, dia tianareo ny manao an'ireo asan'ny Tompo. Izany tokoa, satria, amin'izay fotoana izay, ianareo—tia Azy ianareo.

304 Ny fanekena an'i Meda Broy, ho vadiko, dia izany no nataon'ny fitiavana ho azy. Ny ataony, amin'ny fankasitrahana dia: vehivavy mahafinaritra iray izy, mijanona ao an-trano, mikarakara an'ireo ankizy, ary miaina fiainana mahatoky tsara. Izany dia tsy hoe satria tsy mivady izahay; mivady izahay. Fa manao an'izany amin'ny fankasitrahana izy. Raha nandeha nankany an-tànan-dehibe izy, isan'andro, niditra tao amin'ny mpivarotra entana mora vidy, sy nandroso-sy-niverina teny an-dàlambe, ary tsy nanasa vilia mihitsy, na zavatra hafa, dia mbola mivady foana izahay. Izany tokoa. Rehefa nanao ny voadiko

aho, dia milamina hatreo izany. Vadiko izy. Raha mbola misy aina foana ao anatinay, dia vadiko izy. Izany no voadiny. Fa ny fankasitrahana izay ataony ho an'izany dia: mijanona ao antrano izy, sy mikarakara an'ireo ankizy, ary miezaka mba ho tena vady iray.

305 Afaka hivoaka aho ary lasa foana isan'andro, ary hivenjivenjy fotsiny saiky manerana ny firenena, ka hamela azy ho maty noana tapany, na zavatra iray, hamela an'ireo ankizy hivoaka tsy manana na inona na inona ho hanina; mbola mivady foana izahay. Raha misaraka amiko aza izy, dia mbola manambady foana aho, raha mbola misy aina ao amin'ny vatako. Nanao an'ilay voady aho hoe, "Mandra-pahatongan'ny fahafatesana hampisaraka anay." Marina izany. Mbola mivady izahay. Fa, kanefa, dia manao fialan-tsiny mampalahelo an'ny vady lahy iray aho. Hanao fialan-tsiny mampalahelo iray amin'ny maha-vady vavy azy izy. Noho izany raha mifankatia izahay, dia miraikitra miaraka izahay ary mitondra an'ilay entana, miaraka.

306 Tahaka an'izany Andriamanitra sy Ny Fiangonany. Rehefa nateraka tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ianareo, dia hanana an'ireo *ambony* sy *ambani*nareo, marina, saingy mbola Kristiana iray foana ianareo, mbola nateraky ny Fanahin'Andriamanitra foana ianareo. Mety tsy maintsy hanala anareo eto an-tany alohaloha Andriamanitra.

> . . . fa tsy *azo atao ho an'ireo* izay *efa nohazavaina indray mandeha, ary efa nanandrana . . . ny fanomezana avy any an-danitra,* . . .
>
> . . . ny mba *ho lavo, mba hanavao* ny tenany *indray amin'ny fibebahana;* . . .

307 Ankehitriny, fantatro izay eritreretinareo, ry fiangonana. Mamelà ahy haka anankiray mahery kely fotsiny ho anareo, mba ilay—ahafahan'ilay mpanaraka lalàna ho voahidy marina tokoa. Ndao isika handeha ao amin'ny Hebreo, ny toko faha-10, ary hijery an'ity kely fotsiny.

308 Toko faha-10, ny andininy faha-26.

> *Fa raha minia manota isika rehefa . . . avy nahazo ny fahalalana ny fahamarinana isika, dia tsy misy fanatitra ho an'ny* ota *intsony,*
>
> *Fa fiandrasana mahatahotra . . . amin'*ny *fitsarana ary fahatezerana mirehitra, izay handany ny* fahavalo.
>
> *Izay nanohitra ny lalàn'i Mosesy dia maty tsy nisy famindrampo teo ambanin'ny vavolombelona roa na telo:*
>
> *Koa fampijaliana mafy* kokoa *toy ny ahoana,* no heverinareo . . . ho *mendrika,* . . . nanitsaka ny . . . *izay* efa nanitsaka *teo ambanin'ny tongony ny*

Zanak'Andriamanitra, ka efa *nanao ny ràn'ny fanekena, izay nanamasinana azy, ho zavatra tsy masina, ary . . . naniratsira* an'*ireo* asan'*ny fahasoavana?*

309 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Ahoana ny amin'izany, Rahalahy Branham? Toy ny ahoana izany?"

Ankehitriny, ny mamaky fotsiny, dia mieritreritra aho hoe, "Ny Soratra dia tsy milaza an'*ity*." Tsy miresaka ny amin'ny Kristiana iray izany. Miresaka ny amin'ny lehilahy iray izay efa nandre ny Teny izany ka niala tamin'Izany. Hitanareo?

Fa raha manota isika . . . (Inona ny fahotana? Tsi-finoana.) *. . . raha minia* tsy mino *isika rehefa* avy notoriana tamintsika ny filazantsara, *dia tsy misy fanatitra ho an'ny* ota *intsony,*

310 Inona ny fahotana? Tsi-finoana. Vakio ny Masindahy Jaona, ny toko faha-4. Hoy Jesosy hoe, "Izay tsy mino dia efa voaheloka sahady." Ny fahotana dia tsy ny mifoka, misotro, mijangajanga. Manao an'izany ianareo satria tsi-mpino iray. Ireo toetra fotsiny izany. Manao an'izany ianareo satria tsi-mpino iray. Ny mijanona tsy mifoka, mijanona tsy misotro, sy ny sisa tahaka an'izany, izany dia tsy midika fa ianareo dia—Kristiana iray ianareo. Ireo toetran'ny fiovam-ponareo fotsiny izany. Fa, afaka ianareo—afaka manao ny lafiny roa ianareo, fa tsy mbola izy foana.

311 Mariho ankehitriny.

. . . izay *minia* tsy mino *rehefa* izy . . .

312 Tsy—tsy hoe, "Rehefa avy nandray an'i Kristy tao am-pony izy." Tsy milaza an'izany ny Baiboly. Hoy Izy hoe, "Izy izay . . . "

. . . raha minia manota isika, minia tsy mino, *rehefa . . . avy nandray ny fahalalana ny fahamarinana, . . .*

Azonareo ve ilay izy? Tsy miresaka amin'ny Kristiana iray, mihitsy.

313 Nanatona ahy ny vehivavy iray, vao tsy ela akory izay, ka nanao hoe, "Ranadahy Branham, Kristiana iray aho, saingy niteny ratsy ny Fanahy Masina aho."

314 Hoy aho hoe, "Tsy azo atao izany." Tsy afaka miteny ratsy ny Fanahy Masina ny Kristiana iray. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Ny fanahy Kristiana iray dia manambara ny Fanahin'i Kristy. Hitanareo? Ary ianareo dia hiantso, ny zavatra rehetra avy amin'Andriamanitra ho, "an'Andriamanitra."

315 Fa raha fisainana ara-nofo ianareo, dia haneso sy hihomehy ny Fanahy Masina; tsy ahoako na impiry ianareo no mandeha any am-piangonana, mbola mpanota iray foana ianareo, ary miteny ratsy ny Fanahy Masina. Rehefa nahita an'i Jesosy namantatra

ny eritreriny izy ireo, dia nilaza izy ireo fa Izy dia "mpanao hatsarana."

316 Hoy Jesosy hoe, "Ianareo dia. . . Izaho dia hamela anareo ny amin'izany, fa rehefa tonga ny Fanahy Masina, ka miteny teny iray manohitra an'Izany ianareo, dia tsy ho avela aminareo mihitsy izany."

Satria, hoy izy ireo hoe, "Manana fanahy maloto Izy," miantso ny Fanahin'Andriamanitra hoe, "fanahy maloto iray."

Tsy afaka manao an'izany ny Kristiana iray. Ny Kristiana iray dia hiantso foana ny Fanahin'Andriamanitra hoe, "Fahamarinana." Hitanareo? Tsy afaka miteny ratsy ny Fanahy Masina ny Kristiana iray. Ilay any ivelany no miteny ratsy.

317 Tsy Kristiana ireo nitsangana teo ireo. Olona mpivavaka izany, Jiosy ortodoksa izany, mpampianatra ny momba an'Andriamanitra, sy ny sisa, ary naneso Azy sy ireo Asany izy ireo, niantso an'ireo asan'Andriamanitra, hoe, "Fanahy maloto iray no nanao an'izany."

318 Ary firy no heverinareo fa miteny ratsy ny Fanahy Masina androany, izay manana D.D.D., Ph.D. eo amin'ny anarany? Firy ireo Ortodoksa, Katolika, Protestanta malaza, henjana, mandeha eny an-dàlambe ka maneso ny fiasan'ny Fanahy Masina, tena nianatra mamiratra mihitsy, ary malama tahaka ny bokotra iray? Marina. Saingy maneso ny Fanahy Masina izy ireo, ary noho izany dia miteny ratsy Azy izy ireo.

Fa ny Kristiana iray nateraka indray dia tsy afaka manao an'izany. Hilaza izy hoe, "Rahalahiko ity. Izany no Fanahin'Andriamanitra velona." Marina izany. Tsy afaka miteny ratsy ny Fanahy Masina ny Kristiana iray.

319 Ilay mpanota no miteny ratsy ny Fanahy Masina; ilay tsi-mpino, ilay *mpanota,* "tsi-mpino" iray. Zavatra roa ihany no misy: na ianareo mpino iray, na tsi-mpino iray.

320 Ankehitriny, mariho eto, mba hanakatonana an'ity tanteraka ankehitriny. Nanana fahitana iray aho izay nanelingelina ahy foana. Taona maro lasa izay dia nijery an'izany aho taloha. Hoy aho hoe, "Oh, raha nandray ny Fanahy Masina indray mandeha ny olona iray tamin'izany, nefa avy eo dia hiverin-dàlana, dia ho very mandrakizay izy." Tsy afaka nanao an'ity iray hafa ity hifanaraka amin'io aho.

321 Hoy aho hoe, "Nahoana àry ny Baiboly no nilaza, fa, 'Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana Fiainana Mandrakizay, Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana. Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy, ary tsy hisy ho very ny iray amin'izy ireo, Izaho hanangana azy ireo amin'ny andro farany. Tsy misy olona afaka handrombaka azy ireo eo an-Tànako'? Ahoana no hifanarahan'io

amin'ity? Tsy mety ho azoko fotsiny ilay izy. 'Fa tsy azo atao ho an'ireo izay nohazavaina indray mandeha.'" Nieritreritra aho hoe, "Misy zavatra tsy mety ao. Tsy mety azoko fotsiny ilay izy."

Dia nandeha tany amin'ny fivoriana Pentekotista kely iray aho, taona maro lasa izay.

322 Tsy misy olona iray tavela ato am-piangonana, heveriko, izao hariva izao, izay mahatsiaro. Taona maro lasa izay, ity aza dia saiky tamin'ny fotoana nanorenana ny tabernakla mihitsy. Raha tsy, Rahalahy Graham iry aoriana iry ilay izy, na olona iray. Tsy fantatro, na teto ianareo tamin'ny voalohany, na tsia, rahalahy. Rahalahy Mahoney, heveriko, no teto. Hia. Talohan'ny nanambadiako mihitsy.

323 Ilay fanomezam-pahasoavana izay niasa, dia natahorako. Niteny tamiko izy ireo fa avy amin'ny devoly izany. Tsy nahafantatra aho raha tsy ilay Anjelin'ny Tompo no niteny tamiko.

324 Nandeha tany Mishawaka aho, ary nipetraka tao amin'io fivoriana io, ary tsy mbola nandre hiakiaka betsaka sy antsoantso ary fiderana an'Andriamanitra aho. Nieritreritra aho hoe, "Rahalahy, Lanitra ity." Ary, oh, toy ny ahoana no nandehanan'izy ireo nandroso-sy-niverina.

325 Voatery nanao an'izany tany Avaratra izy ireo, nohon'ny fanavakavahana. Niaraka ny mainty hoditra sy ny fotsy. Ny P.A. an'ny W. ary ny P.A. an'ny J.C. dia tena niray tokoa ary lasa Pentekotista Mitambatra. Fa fifohazana iray toy ny inona no nananan'izy ireo, tany amin'ny tabernakla an-dRahalahy Rowe tany Mishawaka. Ary izaho, lehilahy kely iray liana, nipetraka teny amin'ny seza aoriana, dia nandinika an'io rehetra io. Tsy mbola nahita an'ireo zavatra ireo mihitsy aho tany aloha.

326 Nisy lehilahy iray nipetraka teo. . . Tsy mbola niteny an'ity ampahibemaso mihitsy aho tany aloha. Nisy lehilahy nipetraka teo amin'ny ilany iray, ary lehilahy iray teo amin'ilay hafa, ary ny anankiray niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary ilay hafa nandika an'izany. Ary niteny zavatra samihafa izay hiseho izy ireo. Avy eo, *ity* anankiray ity niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary *itsy* anankiray itsy nandika. Nieritreritra aho hoe, "Oadray, tsy mahafinaritra ve izao!" Nieritreritra aho hoe, "Be voninahitra toy ny ahoana! Tsy maintsy ho Anjely izy ireo, nidina tao amin'ny endrika lehilahy."

327 Eny, nanana iray dolara sy dimy amby fitopolo cents fotsiny aho, mba handehanana hody, ary izaho—izaho—afaka nahazo lasantsy feno mihitsy aho. Natory tany anaty sahan-katsaka iray aho tamin'io alina io. Manana ny ampahan'izany aho ao amin'ny boky iray, fa tsy ny rehetra an'izany, satria tsy te-handratra ny fihetseham-pon'izy ireo aho. Ary noho izany, tamin'io hariva io, dia hoy izy ireo hoe, "Ny mpitory teny rehetra tongava eto

amin'ny lampihazo." Teny amin'ny lampihazo aho. Izaho no mpitory teny tanora indrindra teo tamin'izany.

328 Noho izany, ny ampitso maraina, dia nangataka ahy ho tonga hitory teny izy ireo. Niafina aho. Fantatrareo, hoy ilay lehilahy mainty hoditra hoe, "Ity izy." Tsaroanareo ny tantaran'izany, rehefa nampiharihary ahy nipetraka teo izy.

329 Ary noho izany rehefa avy nitory aho tamin'io andro io, nitsangatsangana, dia nieritreritra aho hoe "Raha afaka mihaona amin'ireo lehilahy roa ireo fotsiny mantsy aho." Nitarika ny fivoriana izy ireo. Ny anankiray nitsangana ary nivadika ho fotsy ny tarehiny; niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy. Ary ilay hafa nandika an'izany, ka nanome an'ireo teny hoe, "HOY NY TOMPO HOE, 'Misy olona *izao-sy-izao* eto, amin'ny anarana *izao-sy-izao*, izay tokony hanao an'*ity* sy *izao-sy-izao*.'" Rahalahy, fahamarinana ilay izy. Ary nitsangana ilay anankiray hafa ka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary izy no nandika.

330 Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray, tsy mahafinaritra ve izao!" Noho izany, tamin'io andro io, dia nieritreritra aho, nivoaka aho ary nivavaka. Nieritreritra aho hoe, "Tompo, Ataovinao ho ahy indray izany." Tsy fantatro hoe inona no iantsoana an'ilay izy, fahitana.

331 Nivoaka aho ary nivavaka, ary nangataka tamin'ny Tompo mba hanampy ahy. Nandeha nanodidina an'ilay tranobe aho, ary sendra nihaona tamin'ny iray tamin'izy ireo. Ankehitriny, ny Tompo no nanome ahy fomba iray ahafantarana zavatra. Nandray ny tànany aho. Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao?"

Hoy izy hoe, "Manao ahoana ianao? Iza no anaranao?"

Dia hoy aho hoe, "Branham."

"Oh," hoy izy, "ianao ilay lehilahy tanora izay nitory teny aninkeo maraina."

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

332 Raha mbola niresaka taminy aho, dia azoko ny fanahiny. Ary izy dia Kristiana iray tena izy, Kristiana madio iray mihitsy, rahalahy. Ny tiako lazaina, dia mpino iray izy. Nieritreritra aho hoe, "Oh, tsy mahafinaritra ve izao!"

333 Ary teo amin'ny adiny iray nanomboka teo, teo akaikin'ny fiara, raha nijery teo amin'ny fiara goavana be iray, dia nisy hoe "Jesosy Irery" voasoratra tao an-damosiny, ary nitsangana teo ilay lehilahy hafa. Dia nandeha aho ary hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao, tompoko?"

334 Hoy izy hoe, "Manao ahoana ianao?" Hoy izy, "Ianao no Rahalahy Branham, izay niresaka aninkeo maraina."

335 Hoy aho hoe, "Eny, tompoko. Izaho no izy." Hoy aho hoe, "Hono ho'aho, mankasitraka an'ireo fanomezan'Andriamanitra lehibe aho izay miasa ao anatinareo rahalahy anankiroa."

336 Hoy izy hoe, "Misaotra anao, Atoa. Branham." Dia nanomboka nahatsapa ny fanahiny aho. Tonga ny fahitana iray. Ary raha mba niresaka tamin'ny mpihatsaravelatsihy iray aho, dia io no iray tamin'izy ireny. Ny vadiny dia vehivavy mainty volo iray. Miaina miaraka amin'ny vehivavy mena volo izy, nanana zanaka roa taminy. Tsy Kristiana iray mihitsy izy fa ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao.

337 Noho izany dia hoy aho hoe, "Tafiditra tao amin'ny inona aho? Nieritreritra aho fa tao amin'ireo Anjely, nefa ankehitriny dia tsy maintsy ao amin'ireo demony aho. Nisy zavatra nitranga. Eto ny anankiray, Kristiana iray tena izy; ary ilay Fanahy iray ihany izay nilatsaka teo amin'*ity* lehilahy ity, no nilatsaka teo amin'*ity* lehilahy ity." Hoy aho hoe, "Ankehitriny dia misavoritaka tanteraka aho." Tsy fantatro izay atao. Niantsoantso sy niangavy aho, tamin'ny Tompo. Tsy fantatro izay ho ekena.

338 Efa saika hitondra ahy izy ireo mba . . . Nanontany ahy raha toa aho ka efa "nandray ny Fanahy Masina?" io zalahy io no nanontany. Dia hoy aho hoe, "Tsia, tompoko, tsy tahaka ny nanananareo azy."

Hoy izy, "Efa mba niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy izy, "Noho izany dia tsy manana Azy ianao."

339 Noho izany dia hoy aho hoe, "Mety ho marina angamba ianao, ry rahalahiko. Angamba tsy manana aho, satria tsy manana an'izay anananareo." Ary afaka kelikely, dia faly aho fa tsy nanana.

340 Koa noho izany dia nandinika an'izany aho, ary hitako ilay làlana nandehanany.

341 Noho izany, indray andro, dia nandeha nivavaka aho teto, efa ela izany. Hoteneniko aminareo hoe nahoana, ho an'iza no nivavahako, dia Roy Davis. Ary nandeha nivavaka aho teto, satria izy dia niantso ahy hoe "saribakoly iray," ka nivavaka aho mba hamelan'Andriamanitra azy ny amin'izany. Ary nanana trano fanaovan-gazety iray izy tany, nanoratra gazety. Ary tratran'ny afo io trano fanaovan-gazety io ka may tanteraka, hariva vitsy taorian'izany, raha mbola nanodina an'izany izy ireo.

342 Ary noho izany dia nitsangana tao anatin'ny zohy tranainy iray aho tany tao ambadiky ny Green's Mill. Nivoaka avy tao aho. Ary nivavaka aho, efa tao, nandritry ny roa andro. Napetrako teo ambonin'ny vatan-kazo tranainy iray ny Baiboliko, izay, nasehoko tamin-dRahalahy Wood, vao tsy ela akory izay, napetrako ny Baiboliko. Nipetraka nisabàka teo amin'ilay vatan-kazo aho. Ary nitsoka ny rivotra. Nieritreritra aho hoe,

"Efa ela izay, no tato anatin'ity zohy ity aho, hamaky kely fotsiny aho." Noho izany dia nalaiko ny Baiboly ary nanomboka namaky aho, ary ity no toko izay nisokafany. Eny, nanomboka namaky aho, ary nanomboka nanontany aho tamin'izay. Hitanareo?

> *Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, . . . natao ho mpandray anjara amin'ny* Fanahy *Masina,*
>
> *. . . nanandrana ny teny tsara an'Andriamanitra, sy . . . ny fiainana ho avy,*
>
> *Raha lavo izy ireo, ny hanavao ny* tenany . . . ho *amin'ny fibebahana; satria* dia *manombo ny Zanak'Andriamanitra amin'ny tenany indray izy ireo, ka manao azy ho fahamenarana miharihary.*

343 Nieritreritra aho hoe, "Ity ilay Soratra." Fa nisy zavatra niraikitra tamiko. Noho izany dia nanomboka nieritreritra aho hoe, "Eto no niresahany tany, tamin'ny voalohany hoe, 'Tsy manao fanorenana maty ny amin'ny fibebahana, tany amin'ny voalohany. Tsy mametraka fanorenana ny amin'ny fibebahana,' ary eto izy dia milaza hoe, 'Manavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana. Fa ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana, mamela an'ireo zavatra ireo any aoriana.'" Avy eo dia nanomboka namaky aho. Avy eo dia namaky ny andininy manaraka aho.

> *Fa izay tany mifoka ny ranonorana izay milatsaka eo aminy matetika, ka maniry anana tsara ho an'ireo izay iasany, dia mahazo* fitahiana *avy amin'Andriamanitra:*
>
> *Fa izay maniry tsilo sy songosongo kosa dia lavina, ary akaikin'ny ozona; ary ny hiafarany dia hodorana.*

344 Ary rehefa namaky an'izany aho, dia nisy Zavatra nandòna ahy. Dia nieritreritra aho hoe, "Tompo, tsy mahakasika an'i Roy Davis izany. Nahoana Ianao no nanao an'izany?"

345 Nanomboka aho, namadika pejy hafa iray. Izaho dia tsy maintsy niverina teo amin'Izany, indray hoe, "'Tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha," nandeha teo amin'Izany indray.

346 Tamin'izay fotoana izay dia nieritreritra aho hoe, "Tompo, inona ity? Inona no Tianao ho lazaina, Tompo?"

347 Dia nihodina aho ary nandeha niverina tao anatin'ny zohiko, mba hivavaka ho an'Izany. Ary rehefa nivavaka aho, dia nahita tontolo iray nihodina. Ary voajinja tanteraka izy, tena tsara, izao tontolo izao rehetra. Ary nahita lehilahy iray nitafy fotsy aho, nandeha nihodidina, nanana harona iray izy teny an-tànany. Namafy voa izy raha nandeha nihodidina. Nandeha nanodidina an'ilay faribolan'ny tany izy. Ary vantany vao dify izy, dia indro tonga ny zalahy iray niakanjo akanjo tena mainty, lehilahy iray toa fetsifetsy, nisokosoko tahaka an'*izao*, nijery. Ary nanana

voa iray izy. Ary nanipy zavatra tany aorian'izany izy, raha nandeha nihodidina ny tany; nandinika ny olona rehetra ary nanipy. Nitsangana aho ary nandinika an'ilay fahitana.

348 Rehefa lasa izy, dia nihodinkodina izao tontolo izao, ary nisy vokatra lehibe, goavana teo, ary vary izany. Ary nisy ahi-dratsy, tsipolitra sy ny sisa tao amin'ilay vary.

349 Indro tonga ny hain-tany iray. Ary, oh, toy ny ahoana no nanondrehan'io vary kely io ny lohany kely, ary nangetaheta rano izy. Nanondrika ny lohany ilay tsipolitra kely, ary nangetaheta rano izy. Nivavaka ny olona rehetra hahazo ranonorana. Ary afaka kelikely, dia tonga ny rahona goavana iray ka nanondraka ny tany manontolo. Dia nitraka ilay tsipolitra kely, nanomboka nihiakiaka hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Haleloia! Deraina ny Tompo!"

350 Ary ilay vary kely, nitraka izy, nanomboka nihiakiaka hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Deraina ny Tompo!"

351 Ary tamin'izay fotoana izay no tonga tamiko ilay Soratra, izay hita ao amin'ny Bokin'ny Matio, ny toko faha-5 ary ny andininy faha-45. Ary henoy izay nolazain'i Jesosy, ao amin'ny Matio 5:45. Ary henoy tsara ankehitriny raha mamaky isika. Matio, ny toko faha-5 ary ny andininy faha-45, faha-46; faha-44, hanombohana.

> *Fa izaho kosa milaza aminareo hoe, Tiava ny fahavalonareo, misaora an'izay manozona anareo,* ary manaova soa *ho an'izay mankahala anareo, ka mivavaha ho an'ireo* izay *manisy ratsy anareo, sy manenjika anareo;*
>
> *Mba hahatonga* anareo *ho . . . antsoina . . . hahatonga* anareo *ho zanaky ny Rainareo izay any an-danitra: fa izy no manao ny masoandro hiposaka eo amin'ny . . . ratsy fanahy sy eo amin'ny . . . tsara fanahy, ary mandefa ny ranonorana eo amin'ny marina sy . . . ny tsy marina.*

352 Noho izany, hitanareo, ilay ranonorana iray ihany izay manao an'ilay vary haniry, no manao an'ilay tsipolitra haniry. Ary, noho izany, dia manana an'ilay sary aho. Io ilay mpiaikinareo ara-nofo, izay ao amin'ny fiangonana mihitsy. Fa ny voany . . . Mety mihiakiaka izy, mitsambikina, mandihy, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra; fa ny voany dia: tsipolitra izy. Ary eo ilay anankiray hafa, izay nahazo an'ilay Fanahy iray ihany. Ny Fanahy Masina dia afaka midina ao amin'ny andian'olona iray, ka afaka mihiakiaka ny mpihatsaravelatsihy iray, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, tahaka ny ahafahan'ny tsipolitra iray mivelona amin'ilay ranonorana izay nalefa mihitsy. Izany no lazain'i Paoly eto. Fa tsy azon'ny tsipolitra iray hatao ny ho lasa vary iray, na ny vary iray ho tsipolitra iray. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa *nohazavaina* indray mandeha, *ary efa*. . . mpandray anjara amin'ny fanomezan'*ny Fanahy Masina,*

Ary. . . *nanandrana ny teny tsara an'Andriamanitra, sy ny* herin'ny fiainana ho avy,

. . . ka *mihemotra, ny hanavao ny* tenany *indray*. . .

Henoy izay lazainy.

. . . fa *ny ranonorana*. . . *dia milatsaka matetika amin'*ny tany, mba hanondraka azy sy hanamboatra azy eto, ary mikarakara azy;

Fa. . . *dia* izay *tsilo sy* songosongo *kosa dia* akaikin'ny fandàvana;. . .

Ankehitriny, *noho izany dia mandao an'ireo* abidim-pianarana sy fampianarana *ny amin'i Kristy, ndao isika handroso*. . . ho *amin'ny fahatanterahana; tsy manao fototra indray ny amin'ny fibebahana* sy *asa maty*. . . an'Andriamanitra, sy finoana, sy ny sisa,

. . . ary fampianarana ny amin'ny batisa,. . . fametrahan-*tànana, sy* ny sisa;. . .

353 Hitanareo, ilay mpino ara-nofo, tamin'ireo andro ireo, tahaka azy mihitsy amin'izao andro izao, dia tia milaza hoe, "Eny, mikambana amin'ny fiangonana aho. Efa nibebaka aho. Izaho—nanatona aho, nanao fiaikena iray aho. Efa vita batisa aho." Hitanareo, miankina eo amin'ireo fanavaozana ara-nofo ireo izy ireo. Ary inona no ataon'izany? Mamokatra tsipolitra izany.

354 Inona no ataon'ilay fahatanterahana? Izany no vary. Ny vary dia ny Tenin'Andriamanitra. Mampiasa an'izany Izy satria Ny Teniny. Ny Voany Izany. Mamokatra Izany.

355 Ilay izy dia miankina amin'ny hoe voa inona no nafafy tao am-ponareo. Raha mankany am-piangonana ianareo satria hoe matahotra ny helo fotsiny, raha mikambana amin'ny fiangonana ianareo satria ianareo tsy te—tsy te-handeha any amin'ny helo ianareo, dia mbola tsipolitra iray foana. Raha ianareo—raha mikambana amin'ny fiangonana ianareo mba halaza fotsiny, dia mbola tsipolitra iray foana. Raha nanao an'ireo zavatra ara-pototra rehetra izay tsy maintsy natao ireo ianareo, ka izay ihany no anananareo, dia mbola tsipolitra iray foana ianareo.

356 Fa ny tena Kristiana iray, tena izy dia mandroso mankany amin'ny fahatanterahana mandra-pahatongan'izao tontolo izao ho faty ka lasa olom-baovao ianareo ao amin'i Kristy Jesosy. Noho izany, dia tsy azo atao ho an'io olona io ny mba ho lavo. Izany no nolazain'ny Baiboly! Hitanareo ve hoe ahoana no ifanarahan'izany amin'ny sisa amin'ny Soratra? Hitanareo ve hoe ahoana no Ametrahany an'izany tsara ao amin'ny toerany?

357 Ahoana no Ahafahany milaza eto hoe, “Ny olona iray izay voavonjy indray mandeha dia tsy mety ho very mihitsy” nefa tonga eto dia milaza hoe, “Fa, raha very ianareo, na miteny ratsy, dia tsy azo atao izany”? Azo antoka, raha mpiteny ratsy ianareo, dia tsy Kristiana iray.

358 “Tsy misy olona, miteny amin’ny alàlan’ny Fanahin’Andriamanitra, ka miantso an’i Jesosy ho voaozona.” Masindahy Jaona 4...na Jaona Voalohany 4. Tsy misy olona miteny amin’ny alàlan’ny Fanahin’i Kristy, ka miantso an’i Jesosy hoe “voaozona.” Ny fanahy rehetra, avy amin’Andriamanitra, izay ao amin’ilay Fiangonana Kristiana, dia mifanaraka amin’ny zavatra rehetra izay nolazain’Andriamanitra.

359 Mamaky isika eto, ka manao hoe, “Izy dia voalefona nohon’ny fahotantsika. Tamin’ny Dian-kapony no nahasitranana antsika.”

360 Hoy ilay fisainana ara-nofo ratsy hoe, “Efa lasa ireo andron’ny fahagagana. Izaho no *Dr. Jones*.” Hitanareo? “Tsy misy izany karazana fanasitranana avy amin’Andriamanitra izany. Tsy misy izany karazana fivavahana tsapan’ny fo izany. Andiana taitaitra iray fotsiny ianareo. Ara-pihetseham-po ianareo. Hitanareo, izay ihany no misy amin’io. Tsy misy na inona na inona amin’io. Presbyterana izahay. Loterana izahay,” na inona ilay izy. “Fantatray izay ijoroanay.”

361 Fa inona no lazain’ny Fanahin’Andriamanitra? Jesosy Kristy, ilay tsy miova eto! “Amena,” hoy ny Fanahin’Andriamanitra. Izy dia mifanaraka haingana amin’ny Teny. Eny, tompoko. Eo no ho eo izany. Hitanareo ve izay tiako lazaina ankehitriny?

362 “Ireo asan’ny fanavaozana ireo dia miteraka fahafatesana,” hoy i Paoly.

363 Fa eo amin’izay ahatongavan’ny Fiainana, ity fahatanterahana ity, “Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin’ny fanamelohana intsony, fa efa tafafindra avy amin’ny fahafatesana ho amin’ny Fiainana. Izaho no hanome azy Fiainana mandrakizay, hanangana azy amin’ny andro farany. Izay rehetra nomen’ny Ray Ahy no hanatona Ahy, ary tsy hisy very ny iray amin’izy ireo.” Tsy mety.

364 Noho izany, ity no ataon’izany—ataon’izany. Ny olona dia mihevitra fa izany no manao ny olona hamotsotra. Rahalahy, tsy manompo an’Andriamanitra eo ambanin’ny fikentronan-kandrin’ny menarana iray ianareo. Andriamanitra dia tsy iray amin’ireo zalahy miaraka amin’ny karavasim-bibilava mainty ireny, mitaritarika anareo. Ray iray Izy. Fitiavana Izy. Andriamanitra dia Fitiavana. Ary ny Baiboly no nilaza, ao amin’ny Masindahy Jaona hoe, “Izay tia dia avy amin’Andriamanitra.”

365 Tianareo Andriamanitra. Tsy ho izany aho, raha nivoaka aho ka—ka nanao mamo izao hariva izao. Tsy mbola nisotro mihitsy aho, teo amin'ny fiainako. Fa raha nivoaka aho ka nanao mamo, dia tsy hatahotra ny hahazo kapoka iray aho. Tsy izany no antony tsy andehanako—andehanako, tsy andehanako hanao an'izany. Ny antony tsy anaovako an'izany, dia satria tiako Izy. Tia ahy Izy. Tsy asan'ny lalàna izany. Tsy zavatra iray izay tsy maintsy ataoko izany. Izany dia satria Izy no efa nanao zavatra ho ahy, ary tiako Izy ny amin'izany. Eo ianareo izao.

366 Noho izany, miaraka amin'io Fanahy izay ao anaty ao io, izay nampanantena hoe, "Izaho no manome azy Fiainana mandrakizay, ary tsy ho levona mihitsy izy ireo." Nandainga ve Izy sa niteny ny Fahamarinana Izy? Niteny ny Fahamarinana Izy. Noho izany, hitanareo ve hoe ahoana no andikan'Ity? Ilay tsy azo atao dia ny hahalavo ny olona rehefa avy tao anatin'ny fahasoavana indray mandeha izy. Tsy afaka izy. Afaka ho lavo izy, azo antoka, saingy tsy miverina amin'ny fibebahana, hiverina eo amin'ilay toerana ka hanao an'ireo asa tranainy indray.

367 Noho izany, ianareo rehetra izay mitety fifohazana mankany amin'ny fifohazana, eo amin'ny toerana iray ary avy eo amin'ny iray hafa, tsy hitanareo ve fa tsy mari-toerana ianareo? Tsy mitoetra ianareo. Ankehitriny, azo antoka tokoa . . . Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, tsy fantatro raha . . ." Azo antoka tokoa fa tsy hanome ahy ny asam-panompoana izay Nomeny ahy Andriamanitra, nefa hamela ahy ao amin'ny fahadisoana. Ary raha tsy voaporofon'ny Soratra izany, amin'izay fotoana izay dia ho fahadisoana izany, saingy ity ny Soratra hanohana an'izany.

368 Ny fiangonana dia tsy diso toerana iray mihitsy . . . Mandeha ny olona, mikambana amin'ny fiangonana, mifamaly, miady, mikorontana, sy—sy ny sisa, ary miaina fotsiny amin'ny karazam-piainana ara-nofo rehetra hoe, "Oh, eny, Kristiana iray aho."

369 Nandre fiaikena iray aho androany an'ny ramatoa kely iray izay niteny tamiko fa nandeha niaraka tamin'ny lehilahy iray ny vadiny. Tratrany izy ireo, nitety toerana. Ary hoy ilay vehivavy hoe, "Hampahafantariko anao, 'Kristiana iray aho.'" Am-ham.

370 Jereo i Jimmy Osborne eto, mitory teny ny Alahady maraina; ary boogie-woogie, nanao rock-and-roll sy ny sisa, nandritry ny herinandro.

371 Jereo i Elvis Presley, Jodasy Iskariota iray laharana 1947, mikambana amin'ny Assemblées de Dieu, Pentekotista, fiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ho ny Fanahy Masina, ary nandefa fanahy any amin'ny fampijaliana maro noho ireo fisotroana alikaola rehetra izay nisy tamin'ny dimampolo taona lasa. Nanimba ny sain'ireo ankizy adolantsento manerana an'izao tontolo rehetra izao, hany ireo zazavavy kely ka

nanendaka an'ireo atin'akanjony ka nanipy an'izany teny amin'ny lampihazo, mba hasiany rangom-pohy. Tena ratsy loatra hany ka tsy hampiseho azy eo amin'ny televiziona izy ireo, hatreo amin'ny valahany no midina, ny fihetsiky ny vatany. Ny Fanahy Masina, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ho porofo? Oh, rahalahy, raha teo ny Fanahy Masina, dia tsy ho nihetsika tahaka an'izany Izy. Mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ianareo. Tsy izany mihitsy. Andriamanitra dia tia fahadiovana sy mangarangarana ary masina.

372 Tsy izaho no mihetsika madio sy mangarangarana sy masina mba hanao ny tenako ho Kristiana iray. Fa Kristy, ato amiko, no miaina an'izany ato amiko. Ary tiako Izy. Ary raha manao zavatra ratsy aho, dia izany no manameloka ahy. Eo no ho eo dia hilaza aho hoe, "Andriamanitra, mamelà ahy." Isan'andro, dia tsy maintsy mangataka famelàna aho, isan'andro. Ary ianareo, ihany koa. Izany tokoa, manao ianareo.

373 Fa ankehitriny raha ianareo no—raha ara-nofo ianareo, dia miraikiraiky eo fotsiny, manao hoe, "Ah, eny, mety tsara daholo izany, mikambana amin'ny fiangonana aho." Hitanareo? Ary avy eo rehefa miteny ratsy ianareo, dia amin'izay ianareo no tsy manana an'ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ny olo-masina. Avy eo dia maneso an'Izany ianareo, ary miantso an'Izany hoe, "Fanahy ratsy iray." Hoy ianareo, "Andiana holy-rollers io." Amin'izay fotoana izay, dia manasaraka ny tenanareo eo anelanelan'ny fahasoavana sy ny fitsarana ianareo, noho izany dia vita mandrakizay ianareo.

374 Hoy Jesosy hoe, "Teny anankiray manohitra an'Izany, dia tsy ho avela mihitsy amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy." Ary ny Kristiana iray, nateraky ny Fanahy, dia tsy afaka hilaza ratsy mikasika an'Izany, satria tsy afaka izy. Mifanaraka amin'Izany izy. Marina izany.

375 Izany no antony iezahan'ny olona miteny amiko, fa ilay Andry Afo tany, izay miseho miaraka amintsika eto, miezaka izy ireo ny milaza, hoe, "Izany dia ny devoly," hoe, "tantara foronina fotsiny Io," izany rehetra izany. Fa ny fakan-tsary no nanaporofo fa tsy izany Io. Ary ireo asa dia mifanaraka marina mihitsy amin'ny Baiboly, ilay Andry Afo iray ihany izay nihaona tamin'i Paoly teny amin'ny làlany nankany Damaskosy. Ireo zavatra rehetra izay Nataony tany aoriana tany, dia tahaka an'izany ihany marina tokoa no ataony, araka ny Baiboly. Izany dia Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra.

376 Ary rehefa nateraka indray isika, dia manana Fiainana mandrakizay, ary tsy mety levona. Tsy ho azon'ny olona iray atao mihitsy ny ho lavo. Izany no nolazain'ny Baiboly.

377 Ankehitriny, henoy, diniho izay lazain'i Paoly. Hamaky ny sisa amin'ilay izy aho, dia jereo raha tsy maneno tsara

izany, ankehitriny. Ndao isika hanohy, iray minitra fotsiny. Ny andininy faha-8.

> *Fa izay maniry tsilo sy songosongo kosa dia lavina, sady akaikin'ny ozona; ary ny hiafarany dia hodorana.* (Ilay tsi-mpino izany.)

378 Diniho i Paoly ankehitriny. "Nefa, ry malala,. . ." Ankehitriny dia miresaka ny amin'ireo izay miezaka ny hiverina amin'ny lalàna izy, fantatrareo, miezaka ny hanao an'ireo asan'ny lalàna rehetra, kanefa izy ireo dia mpanao fombam-pivavahana arak'izay maha-izy azy. Manana ny batisa izy ireo sy ny fametrahan-tànana, ary ireo zavatra rehetra ireo.

> *Nefa, ry malala, dia manantena zavatra tsaratsara kokoa ny aminareo izahay,. . .*

Eo ianareo izao. Henoy izy ankehitriny.

> *. . .dia ireo zavatra izay momba ny famonjena, na dia—na dia* arak'izany *aza no* itenena*nay azy*.

> *Fa Andriamanitra dia tsy mba tsy marina ka hanadino an'ireo* asa*nareo sy* asa mafin'*ny fitiavana, izay efa* nasehonareo ho an'*ny anarany*, *izay nanompoa*nareo *an'ireo olo-masina, ary mbola manompo.*

379 Hitanareo ve izay resahany? Tsy miresaka ny amin'ireo Kristiana lavo izy, tsy azo atao ny miverina. Miresaka ny amin'ireo mpino ara-nofo izay mandalo amin'ilay endrika fanavaozana izy. "Fa," hoy izy, "ho an'ireo izay nateraka indray kosa, ianareo izay Kristiana, malala, dia manantena zavatra tsaratsara kokoa ny aminareo izahay. Tsy milaza an'ireo zavatra ireo ianareo. Tsy miaina an'izany karazam-piainana izany ianareo. Voaaro miaraka amin'i Kristy ianareo."

Inona no nolazainy tany? Ankehitriny dia ndao isika handeha ao amin'ny Hebreo 10, izay nisy antsika aninkeo maraina, indray. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

380 Ankehitriny dia ndao àry isika hamadika, indray, ao amin'ny Efesiana 4:30. Ary ndao isika haka an'io, iray minitra fotsiny, ka handinika an'izay lazainy, mba hanohana an'ity, hanao ny Soratra mandeha miaraka amin'ny Soratra. Efesiana 4, ndao jerentsika. Efesiana 4:30. Ndao isika hamaky dia hahita an'izay lazain'Izany. Henoy.

> *. . .aza mampalahelo ny Fanahy masin'Andriamanitra,. . .*

Ahoana—ahoana no nanaovana batisa antsika tao amin'ilay Vatana? Fanahy iray.

> *. . .aza mampalahelo ny Fanahy masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase* anareo hatramin'*ny andron'ny fanavotana* anareo.

Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Voaisy tombokase ao amin'ny Vatan'i Kristy ianareo, tamin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina, tsy avy tamin'ny fifohazana iray mankany amin'ny hafa iray, fa hatramin'ny Andron'ny fanavotana ny Vatana. Izany ianareo. Noho izany, tsy misy fomba hahavery anareo.

381 Matahotra ianareo. Ary izany no anton'ny tahotra, ny tahotra, ny fahatahorana dia miaraka amin'ny fisalasalana.

Ny fitiavana miaraka amin'ny finoana. Tiako ny Raiko. Tsy matahotra Azy aho, satria tiako Izy. Tsy handratra ahy Izy. Hanao soa ho ahy Izy. Raha natahotra Azy aho, ka, "Oh, tsy fantatro na hanao an'izany Izy, na tsia." Hitanareo?

382 Fa raha tiako Izy, "Eny, Ray, izaho—tiako Ianao. Ary fantatro fa Ianao no—Ianao no Raiko, ary tia ahy Ianao, ka tsy matahotra aho sao tsy hihazona Ny Teninao Ianao. Izany no Fampanantenanao ho ahy." Tahaka an'izany no ataon'ny Fanahin'Andriamanitra.

383 "Fa, oh, raha nanao an'*ity* aho, raha nanao an'*itsy* aho." Hitanareo, eo no ahatongavanareo eo amin'ilay lafiny araka ny lalàna, indray. Aza mandeha mankany amin'ilay lafiny araka ny lalàna mihitsy. Negatifa izany.

384 Ny lafiny pozitifa no ilainareo. Asa iray efa vita izany. Maty Kristy, ary maty ny fahotana rehefa maty Izy. Ary raha Andriamanitra no nanendry anareo mialoha ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy, no hanatona Ahy." Eo ianareo izao, tsy afaka ny ho very. Voaaro mandrakizay ianareo. "Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray, ary tamin'ny fanatitra anankiray no Nahatanterahany mandrakizay." Eo ianareo izao. Tsy misy fomba hahavery antsika. Marina. Ankehitriny, tsy manao anareo hahatsapa ho tsara ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

385 Ankehitriny, ahoana no ahafantaranareo fa Kristiana iray ianareo? Rehefa ny fanahinareo no manambara miaraka amin'Ny Fanahiny, rehefa ao am-ponareo ny fitiavana an'Andriamanitra, rehefa manana fitiavana ianareo, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, faharetana, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy. Izany dia rehefa ianareo . . . Ireo vokatry ny Fanahy no manaraka ny fiainanareo.

386 Tsy hoe satria afaka mandihy ao amin'ny Fanahy ianareo, oh, ho an'io bàn-kira moderina io, mitendry azy eo amin'ny piano iray, ho amin'io fandihizana ao amin'ny Fanahy betsaka eto io. Mety tsara daholo ireo zavatra ireo. Saingy nandray an'ilay zavatra manontolo teo amin'io lafiny araka ny lalàna io izy ireo, hitanareo, ary noho izany, dia namela ny Fanahin'Andriamanitra any aoriana izy ireo.

387 Izany no antony, rehefa manomboka maneho ny Tenany Andriamanitra, dia hoy izy ireo hoe, "Hadalana. Tsy mila manao na inona na inona amin'Izany izahay." Tsy mahafantatra an'Andriamanitra izy ireo. Tsy mbola nahita an'Izany mihitsy izy ireo. Tsy afaka mahazo an'Izany izy ireo, satria misy fiainana iray hafa ao anatiny ao. Tsy fantany, tsy fantatry ny tsipolitra izay ataon'ny vary. Manana fiainana iray hafa izy.

388 Tahaka an'izany ny Kristiana iray, amin'ilay mpino ara-nofo, ilay mpiaiky, izay mandeha ka miaiky hoe, "Oh, eny, Kristiana iray aho." Sigara goavana iray no ao am-bavany, tahaka ny omby afa-tandroka iray an'i Texas.

389 Vehivavy iray miaraka amin'ny sortany, manao hoe, "Oh, eny, mambran'ny fiangonana aho. Azo antoka, izany aho." Ny voanareo no manaporofo fa tsy misy afa-tsy ara-nofo ianareo. Marina izany. Izany tokoa, no izy. Zavatra tokana ihany no mahatonga an'izany: na fahavoazana ara-tsaina izany na fanahim-pilàna iray eo aminareo. Marina izany.

390 Raha te-hihetsika tahaka an'izao tontolo izao ianareo, dia hoy ny Baiboly hoe, "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Noho izany dia eo ianareo izao.

391 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Oh, ny Baiboly no nilaza, noho izany dia tsy maintsy manao an'izany aho." Tsia, tsy izany ilay izy. Mijanòna eto mandra-pahatongan'i Kristy hanao zavatra iray ho anareo, izay manaisotra an'izany aminareo. Amin'izay fotoana izay dia nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo. Tsy izay ataonareo, ilay izy dia izay Nataony ho anareo. Mandra-pahazoanareo fitiavana iray hoe efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Ary avy eo dia diniho ny fiainanareo, raha ilay—raha mifanaraka tsara ilay izy. Tsy hoe satria ianareo no miezaka ny manamboatra ny fiainanareo, fa satria Andriamanitra no mitondra anareo ao amin'ny fanekena Ny Fanahiny. Ilay izy tsy hoe ianareo no mitarika ny tenanareo ao amin'ny làlan'Andriamanitra. Ilay izy dia Andriamanitra no mitarika anareo ao amin'ny Làlany Manokana. Tsy ianareo no manao an'ilay fitarihana, fa Andriamanitra no manao an'ilay fitarihana.

392 Ankehitriny dia diniho ity, ankehitriny, raha midina mankany amin'ny farany fotsiny isika. Ny andininy faha-11.

> *Ary irinay ny tsirairay avy aminareo mba* haneho *an'izany fahazotoana iray ihany izany ho amin'ny fahatokiana be ny amin'*ny *fanantenana hatramin'ny farany:*
>
> *Mba* tsy ahatonga*nareo* ho *ketraka, fa ho mpanaraka an'ireo* izay *amin'ny alàlan'ny finoana sy* maharitra *mandova ny* teny fikasana.

393 Ankehitriny, fanamarihana anankiray amboniny fotsiny eto.

Fa rehefa nanao ny teny fikasana tamin'i Abrahama Andriamanitra, satria tsy afaka hianiana tamin'izay lehibe kokoa izy, dia nianiana *tamin'ny tenany izy,*

Nanao hoe, Azo antoka tokoa fa hitahy anao amin'ny fitahiana aho, ary hahamaro, *dia hahamaro anao aho.*

394 Rehefa nihaona tamin'i Abrahama Andriamanitra! Ankehitriny, nahazo ny fanekena i Abrahama, tsy tamin'ny fahamendrehana mihitsy. Natao niaraka tamin'i Abrahama ny fanekena. Izany dia fahasoavana tanteraka, manontolo. Tsy lehilahy tsara iray i Abrahama. Tsy lehilahy masina iray izy. Lehilahy tsotra iray fotsiny izy. Ary Andriamanitra, tamin'ny fifidianana, dia nisafidy an'i Abrahama satria nifidy azy Andriamanitra; tsy hoe satria Abrahama no nila an'izany, satria Abrahama nanao an'*ity*, satria lehilahy tsara iray izy, satria nanana fahamendrehana iray mihitsy izy. Fa ilay izy dia safidin'Andriamanitra. Andriamanitra no naka an'i Abrahama.

395 Amin'izao andro izao, araka ny nolazaiko, mino aho, "Mifantina ny mpitory teninay izahay." Mandeha eo isika, manao hoe, "Eny, niala ny iray tamin'ireo diakona. Ndao isika hitady an'ilay lehilahy tsara indrindra ao amin'ny tranobe haka ny toerany. Eny, niala ny pasitera; ndao isika hitady, ilay tsara indrindra no alaintsika." Indraindray dia tsy tsara izany.

396 Rehefa nifantina lehilahy iray haka ny toeran'i Jodasy izy ireo, dia nifidy an'ilay lehilahy ratsy. Nifidy lehilahy mihaja iray izy ireo, Matia, mpanora-dalàna malaza iray, mahay iray, diplomaty iray. Hoy izy ireo hoe, "Izy mihitsy no haka an'ilay tena toerana. Ry tovolahy, toy ny hoe tena lehilahy iray izy." Saingy tsy safidin'Andriamanitra ilay izy. Ary naka an'io lehilahy io izy, nefa tsy nanao na inona na inona ho an'Andriamanitra mihitsy izy.

397 Fa nanao safidy iray Andriamanitra an'ny Jiosy kely iray, mora tezitra, mifaingok'orona izay tonga tany niaraka tamin'ny tarehiny rehetra hoe, "Handeha any aho. Hosamboriko izy ireo."

398 Hoy Andriamanitra hoe, "Mahita zavatra ao aminy Aho. Hampiasa azy Aho."

399 Dia niseho teo anatrehany mihitsy Andriamanitra tao anatin'io Hazavana lehibe tany io. Ary hoy izy hoe, "Iza moa Ianao, Tompo?"

400 Hoy Izy, "Izaho no Jesosy. Nahoana, sarotra aminao ny hanipaka an'ireo fanindronana. Nahoana ianao no manenjika Ahy?" Tahaka an'izany, ary Andriamanitra naka an'*io* lehilahy io ka nanao azy ho iray tamin'ireo lehilahy malaza indrindra izay hany nanitsaka ny tavan'ny tany hatramin'i Jesosy Kristy. Izany no safidin'Andriamanitra.

401 Amin'izao andro izao, dia miezaka manao safidy iray isika. Ianareo fiangonana, mandefa an'*ity* lehilahy ity eto ianareo,

ary *itsy* lehilahy itsy eto. Tsy natao ho tahaka an'izany ilay izy. Andriamanitra no manao ny fitarihana. Ilay izy dia Andriamanitra ao amin'ny rehetra, manerana ny rehetra, ambonin'ny rehetra; fa tsy izay lazain'ny boky iray an'ny fiangonana iray. Ilay izy dia izay nolazain'Andriamanitra mikasika an'izany, no manao an'ilay fahasamihafana.

402 Mariho. Andriamanitra dia nanao teny fikasana iray tamin'i Abrahama, tsy nisy fepetra. Ary ankehitriny, andraso, tsy nanana zavatra anankiray hatao i Abrahama. Hoy Andriamanitra hoe, "Efa Vitako ilay izy."

403 Nanao teny fikasana iray tamin'i Adama Andriamanitra, nanao hoe, "Adama, raha tsy mikasika an'*ity* ianao, dia ho velona mandrakizay. Fa amin'ny andro ihinananao azy, dia izany no andro hahafatesanao."

404 Hoy i Adama hoe, "Manontany fotsiny aho hoe inona daholo ny mikasika an'io, na ahoana na ahoana?" Manatona izy ary mihinana an'izany, mikasika.

405 Andriamanitra isaky ny manao . . . ny olona iray izay manao ny fanekeny amin'Andriamanitra, na Andriamanitra amin'ny olona iray, dia ilay olona no mandrava ny ampahany azy. Noho izany dia tsy maintsy nanao zavatra iray Andriamanitra, satria Hitany hoe inona ny olona. Ary efa voatendry mialoha izy ireo, voafidy izy ireo, ka tsy maintsy nanao zavatra iray Andriamanitra. Noho izany dia nidina Andriamanitra ary nanao ny Fanekeny tamin'i Abrahama, tsy nisy fepetra. Raha nisy fepetra ilay izy, dia ho very i Abrahama, efa ela be.

406 Jereo izy nipetraka tany Gerara tany, niverin-dàlana, niteny lainga. Ary nanome ny vadiny ho an'ny lehilahy hafa iray, mba hamonjy ny hodiny manokana. Lehilahy iray toy ny inona! Nipetraka tany, ary niverin-dàlana. Niteny taminy Andriamanitra, nanao hoe, "Aza miala eto. Mijanòna eto." Ny mosary no nampandositra azy. Nirenireny tany amin'izay nisy fiainana mora kokoa izy. Fantatrareo izay mitranga amin'ny olona iray rehefa mandray an'ilay làlana mora izy.

407 Nirenireny izy, tany amin'izay nisy ahitra maitso kokoa. Ary rehefa tonga tany izy, dia niteny tamin'ilay mpanjaka fa ny vadiny dia "anabaviny," mba hamonjy ny hodiny manokana. Ankehitriny, lainga izany. Ary ny lehilahy iray, izay hitondra ny vadiny ka hanome azy ho an'ny lehilahy hafa iray, mba hamonjy ny hodiny! Teo izy, nipetraka teo tao anatin'ny tranolay kely iray, mpiverin-dàlana, niteny lainga, ary tany ivelany mihitsy, tafasaraka manontolo tamin'ilay teny fikasana sy ny sisa, saingy mbola mpaminanin'Andriamanitra foana izy.

408 Ary teo i Abimeleka, izy dia lehilahy iray tsara, masina. Azo antoka, nanao ny fivavahany isan-kariva. Nahita ity renibe, zato taona ity izy, tonga teo, tsara tarehy sady tanora indray.

Hoy izy hoe, “Izao no zazavavy izay nandrasako, noho izany dia hanambady azy mihitsy aho.”

409 Hoy i Abrahama hoe, “Afaka maka azy ianao. Anabaviko izy.”

Izy, “Ity no anadahiko.”

410 Noho izany dia entiny any izy ary mangataka an’ireo vehivavy hanadio azy tanteraka sy—sy hanao an’ireo akanjo tsara, ary hanamboatra azy tahaka ny—tahaka ny mpanjakavavy iray. Ary nanao ny fivavahany izy, nitsotsotra teo am-pandriany, ary nampiakatra ny tongony, ka nanao hoe, “Rahampitso, dia hanambady an’io zazavavy Hebreo tsara tarehy io aho, io—io anabavin’ilay tovolahy any io. Oh, hahafinaritra izany. O Tompo, Fantatrao hoe ahoana no itiavako Anao! Eny, tompoko. Mahafinaritra!”

411 Dia hoy Andriamanitra hoe, “Toy ny lehilahy iray maty mihitsy ianao.” Ah-hah!

[Mikohaka Rahalahy Branham—Mpand.] Mamelà ahy. Abra-. . .

412 Nahoana, nipetraka tany i Abrahama, nandainga, niverin-dàlana. Ary indro ity lehilahy ity, lehilahy iray mahitsy fo ary marina sy mahitsy. “Nahoana,” hoy izy, “Tompo, Fantatrao ny fahitsian’ny foko. Tsy izy ve no niteny tamiko hoe, io no ‘anabaviny’?”

413 Hoy Izy, “Fantatro ny fahitsian’ny fonao. Izany no antony Hanakanako anao tsy hanota Amiko. Marina izany. Fantatro ny fahitsian’ny fonao. Saingy Mpaminaniko ny vadiny.” Haleloia! Oh, raha tsy izany no fahasoavana, dia inona? “Niverin-dàlana, niteny lainga, ary nipetraka teo, saingy mbola Mpaminaniko foana io. Makà ianao fanatitra iray, ary mandehana mankany aminy, ka avereno ny vadiny, fa raha tsy izany dia lehilahy maty iray ianao. Tsy hihaino ny vavakao intsony Aho. Aoka izy no hivavaka ho anao.” Amena. Eo ianareo izao. “Mpaminaniko io.”

Ankehitriny, hoy ianareo hoe, “Oh, maniry aho ny ho Abrahama.”

414 “Raha maty ao amin’ny Kristy isika, dia Taranak’i Abrahama, ary mpandova araka ny teny fikasana.” Marina. Izany no nolazain’ny Baiboly. Tianareo ve ny hamaky an’Izany? Nahoana, ny Baiboly no nilaza fa—fa tsy ho an’i Abrahama sy ny taranany irery ihany ny teny fikasana. Tahaka anareo. . . Abrahama dia nanana taranaka maro, azo antoka, zanaka maro. Isimaela no zanany. Nanana zanaka fito na valo izy taorian’ny nahafatesan’i Saraha, avy tamin’ny anankiray hafa, Ketora. Saingy, jereo, ilay taranaka dia ilay anankiray nampanantenaina, izay Isaka, ary tamin’ny alàlan’i Isaka no tonga Kristy, tamin’ny alàlan’i Kristy no tonga isika. Tsy misy fepetra ilay teny fikasana.

415 Ankehitriny, ahoana ny amin'i Abrahama? Nahoana, tokony ho efa vita ny aminy, tsy ho azony natao ny mba hiverina indray. Azo antoka. Tsy ho azon'i Saoly natao ny mba hiverina indray, raha izany, ho tahaka an'izany no tsy maintsy hamakianareo ny Soratra. Hitanareo? Saingy tsy izany ilay izy. Maharitra mandrakizay ny teny fikasan'Andriamanitra.

416 Ndao isika hamaky iray minitra fotsiny eto. Tiako ianareo hamaky an'Izany. Tiako ianareo haka ny Galatiana 3:16, ary hamaky an'ity, ka hahita ankehitriny hoe inona ilay teny fikasana, ary hahita raha—raha isika no Fampanantenany na tsia, 3:16. Henoy eto. Eny àry. Izaho dia hamaky ny andininy faha-15, ihany koa.

> *Ry rahalahy, miteny araka ny fanaon'ny olona aho; Na dia ny fanekena ataon'ny olona ihany aza, ka raha* vita *mafy izany, dia tsy misy olona manatsoaka, na manampy* izany.
>
> *Ankehitriny ho an'i Abrahama sy ny taranany, taranaka* [*seed*] (s, e anankiroa, d), an'*ny taranany no nanaovana ny* teny fikasana.
>
> "Tamin'i Abrahama sy ny Taranany." Diniho ankehitriny.
>
> *Tsy nilaza izy hoe, Ary ho an'ireo taranak*ao (maro), *toy ny hoe maro; fa toy ny . . . anankiray, Ary ho an'ny taranakao, dia Kristy izany.*

417 Noho izany, Kristy no Taranak'i Abrahama. "Ary isika izay maty ao amin'i Kristy, ka natao batisa tao amin'Ny Vatany, dia isika no Taranak'i Abrahama, ary mpandova ny teny fikasana." Koa ahoana izany, ahoana no hahalavo anareo, raha Andriamanitra no nanao ny teny fikasana ho anareo? Ahoana no mba hahatonga anareo hiverin-dàlana, ka ho lasa ary tsy maintsy handeha any amin'ny helo amin'izany?

418 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Eny, mety miverin-dàlana ve isika?" Izany tokoa. Ary rehefa miverin-dàlana ianareo, dia hahazo an'ilay izy ianareo, aza manahy. Nahazo an'ilay izy i Abrahama, ary nahazo an'ilay izy ny sisa tamin'izy ireo, ary hahazo an'ilay izy ianareo. Aza mihevitra ianareo fa manome anareo zò iray hanota izany. Tsy manome izany. Handoa ny zavatra rehetra izay ataonareo ianareo. Hijinja an'izay afafinareo ianareo. Raha manao fahotana kely iray ianareo dia hijinja eran'ny fanasan-damba iray manontolo. Marina izany. Fa, rahalahy, izany dia tsy midika fa very ianareo. Marina tokoa izany. Nijinja marina tokoa an'izay nafafiny i Abrahama. Marina izany. Fa mbola voavonjy foana izy.

419 Ilay fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'ny Isiraely: verin'izy ireo ny lovany, verin'izy ireo ilay tany nampanantenaina ka nandeha nidina tany Egypta, saingy tsy verin'izy ireo ny fanekeny. Hoy Andriamanitra hoe, "Tsaroako ny Fampanantenako tamin'i Abrahama. Tsaroako, ary midina

Aho hanafaka ny Oloko. Mandehana any, ry Mosesy, ary teneno an'i Farao, fa Izaho no nilaza hoe, 'Avelao ny Oloko handeha.' Tsaroako fa nanao teny fikasana iray ho an'i Abrahama sy ho an'ny taranany Aho."

420 Izany ilay zavatra iray ihany izay miaraka amintsika. Noho izany raha maty ianareo, ka miafina ao amin'Andriamanitra ny fiainanareo, amin'ny alàlan'i Kristy, dia tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao afaka hikasika anareo. Ankehitriny, mety mandeha ianareo ka manao ratsy, saingy ianareo raha tena, marina tokoa, zanak'Andriamanitra iray, ka hitanareo fa nanao fahadisoana iray ianareo, dia hitsangana ianareo ary hanandrana indray. Marina izany, ary tsy hipetraka eo ianareo.

421 Fa raha kanosa ianareo, raha tsipolitra iray ianareo, raha tsy misy hoe "mitsangàna" ao aminareo, dia hilaza ianareo hoe, "Ah, eny, tsy misy na inona na inona amin'Izany, na ahoana na ahoana."

422 Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tahaka ny lehilahy iray izay nitondra ny haratony ary nandeha nankany an-dranomasina, nanipy azy. Rehefa tonga izy, dia nahazo sokatra, sahona, bibilava, androngo, hala, ary trondro. Izany ny Filazantsara rehefa voatory Izy.

423 Ohatra hoe hiteny amin'ny mpitoriteny iray ny Tompo, ohatra hoe Rahalahy Graham, "Mandehana *eto*. Mandehana amin'*ity* zorony ity ary manjonoa vetivety, Rahalahy Graham." Eny àry, raisiny ny haratony ary mandeha eo izy ka manomboka manarato.

"Ho aiza ianao, Rahalahy Bill?"

"Handeha any an-kafa any ho any aho, ary hanipy eo amin'*ity* zorony ity."

424 Misintona aho hoe, "Indreo izy ireo, Tompo, Ianao no mahafantatra hoe inona izy ireo." Misintona an'ilay harato indray aho hoe, "Eny àry, indro izy ireo, Tompo."

425 Ankehitriny, ilay sokatra dia efa sokatra iray, eo ampanombohana. Nahazo azy fotsiny tao anatin'ilay harato ianareo. Marina izany. Ary tahaka an'izany ireo olona izay tratran'ny fientanam-po hoe, "O Haleloia! Haleloia! Deraina ny Tompo. Voninahitra ho an'Andriamanitra. Haleloia!" Tratra tao anatin'ilay harato fotsiny izy ireo, dia izay ihany.

426 Raha io fanahy ratsin'ny Sokatra io no ao anatin'izy ireo, dia tsy ho ela, fa hilaza izy ireo hoe, "Eny, teneniko aminao, . . . " Indro izy mandeha, mikisakisaka miverina.

427 Ary ilay ramatoa Orana antitra dia hanao hoe, "Fa tsy mety azoko fotsiny Izany." Hitanareo?

428 Ramatoakely Hala dia mipetraka eo vetivety, lasa izy "plop, plop, plop," miverina avy hatrany hoe, "Eny, tsy misy na inona na inona ao amin'Izany, na ahoana na ahoana."

429 Ramatoakely Menarana dia hanao hoe, "Oh, andiana holy-rollers iray izy ireo. Izay fotsiny ihany no misy amin'Izany. Handeha any amin'izay misy an'ireo manana hevitra tsaratsara kokoa noho io aho." Nahoana, bibilava iray ianareo, eo am-panombohana. Ny haraton'ny Filazantsara fotsiny no nahatratra anareo, izay ihany.

430 Fa ny trondro dia entina eo amin'ny latabatry ny Tompo. Trondro iray izy, eo am-panombohana. Ny Voa ao aminy dia trondro iray. Nanomboka izy, trondro iray, ary Andriamanitra dia nahafantatra ny Trondrony hatrany amin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Haleloia!

431 Tsarovy, izy rehetra dia nifoka an'ireo ranom-potaka iray ihany tany. Izy rehetra dia nifoka avy tamin'ilay helodrano iray ihany. Marina izany. "Isika rehetra dia natao . . . nisotro avy tamin'ilay Vatolampy ara-panahy iray ihany. Ny rehetra dia nihinana ny mana tany an-efitra." Kaleba sy Josoa dia nihinana an'ilay mana iray ihany izay—izay nohanin'ny sisa tamin'izy ireo. Ary izy rehetra dia lavo tany an-efitra. Fa nisy roa no voafidy hiampita, ary niampita izy ireo. Marina izany.

432 "Isika rehetra dia natao hisotro avy tamin'ilay Loharano iray ihany." Fa tsy ny rehetra izay misotro no voavonjy. Isika rehetra dia natao hiaraka hihiakiaka. Isika rehetra dia natao hiaraka hifaly. Fa ilay Voafidy no voavonjy. Efa voamarikareo ve? Izao no voalaza hoe, "Ireo fanahy anankiroa, amin'ny andro farany, dia tena hifanakaiky hany ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izy raha azo atao," *raha* azo atao. Hitanareo? Izany ilay tena Fanahin'Andriamanitra, voafidy ho amin'ny Fiainana Mandrakizay.

433 Hamarana isika ankehitriny. Avy eo dia Rahalahy Neville no haka eo amin'izay ijanonako eto. Eny àry.

> *Ary izao no lazaiko, fa ny fanekena, izay natao mafy teo anatrehan'Andriamanitra ao amin'i Kristy, ny lalàna, izay efajato* taona, *telopolo sy efajato taona, dia tsy afaka manatsoaka, ka hanao ny teny fikasana ho tsy misy fiantraikany.*

Izany ilay teny fikasana izay nomen'Andriamanitra an'i Abrahama, talohan'ny nahatongavan'ny lalàna teo amin'ny fisiana mihitsy.

> *Fa raha ny—fa raha avy amin'ny lalàna ny lova, dia tsy avy amin'*ny *teny fikasana intsony izany: nefa tamin'ny teny fikasana no nanomezan'Andriamanitra azy tamin'i Abrahama.*

Tsy tamin'ny inona na inona izay ataonareo, tsy tamin'ireo lalàna, ireo lalàn'ny fiangonanareo, tamin'ny fikambanana amin'ny fiangonana, na lalàna hafa iray. Hetsi-pahasoavan'Andriamanitra tanteraka izany, ho anareo. Eo ianareo izao.

434 Diniho.

> *Inona àry ny lalàna? Nanampy nohon'ny* hadisoana *izy, mandra-pahatongan'ilay taranaka izay nanaovana ny teny fikasana;* . . .

Tsy mazava tahaka ny orona eo amin'ny tarehiko mihitsy ve izany? "Nanampy izy, hanompo mandra-pahatongan'ilay Taranaka, dia Kristy, Izay nanaovana ny teny fikasana."

> . . .*ary nalahatry ny anjely* ary *teo an*-tànan'*ny mpanalàlana iray.*

> *Ankehitriny ny mpanalàlana dia tsy mpanalàlana an'ny anankiray, fa Andriamanitra dia iray ihany.*

435 Ankehitriny, hatreto mihitsy no hijanonako, manomboka eo mihitsy dia an-dRahalahy Neville, ho an'io Alarobia ho avy io.

436 Ankehitriny azonareo ve izay nolazaintsika? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy azo atao tanteraka mihitsy ho an'ny Kristiana iray nateraka indray ny . . . Tsy ny tiako lazaina, ankehitriny, dia izay *miantso* ny tenany ho, "nateraka indray." Ny tiako lazaina dia, tena Kristiana iray, nateraka indray, ny mba ho lavo miala amin'ny fahasoavana, tsy afaka manao an'izany izy. Tsy afaka ny ho lavo izy, marina izany, fa izy dia tsy afaka, mihitsy, hiala amin'io fahasoavana io.

Lavo niala tamin'ny fahasoavana i Abrahama. Azo antoka, lavo izy. Niteny taminy Andriamanitra mba "hijanona teo." Niala tamin'izany izy, saingy tsy nahavery ny fanekeny mihitsy. Mbola nofidian'Andriamanitra foana izy. Mpaminany iray nipetraka tany izy. Efa izany foana izy. Ho an'Andriamanitra foana izy.

437 Mariho ankehitriny. Ny Baiboly no nilaza, fa, "Hovonjena ny Isiraely rehetra." Firy no mahafantatra an'izany? Hoy ny Baiboly hoe, "Hovonjena ny Isiraely rehetra." Ankehitriny, "Ny Isiraely dia tsy ny Isiraely avy amin'ny nofo, fa ny Isiraely avy amin'ny Fanahy, satria ny fanomezana sy ny antso dia tsy misy anenenana." Izany ve no nolazain'ny Baiboly, ilay tena andininy manaraka mihitsy? Galatiana. Eny àry. "Hovonjena ny Isiraely rehetra. Voavonjy ny tsirairay avy amin'izy ireo." Ahoana no hahalasa antsika ho Isiraely? "Satria maty ao amin'i Kristy, lasa Taranak'i Abrahama, ary mpandova isika araka ny teny fikasana."

438 Hoy i Paoly hoe, "Tsy izay ety ivelany no Jiosy, fa izay ao anatiny, no Jiosy, Ireo nampanantenaina." Ary Taranak'i

Abrahama isika, amin'ny alàlan'ny teny fikasana, amin'ny alàlan'i Kristy, manaiky Azy ho Mpamonjintsika manokana.

439 Oh, manantena aho fa hitanareo izany. Manantena aho fa hitanareo izany, raha afaka mijanona amin'Izany vetivety ianareo. Ankehitriny dia eto amin'ity no hamaranantsika tanteraka an'ity, avy eo dia hanomboka amin'i Melkizedeka isika, izay hamerina amintsika avy hatrany indray amin'ity. Hanomboka avy hatrany isika eo amin'ny . . . Oh, Izany fotsiny dia, mahafinaritra ilay zavatra manontolo. Fa manohy miditra fotsiny ao amin'ireo zavatra misy hero-dronono isika.

440 Ankehitriny, hitanareo, raha nandray an'Ity ianareo eto, dia toy ny hoe, raha afaka hamaky Azy fotsiny amin'ny fandinihana ianareo . . . Ohatra ny triniterana tena sarotiny iray, izay mino fa misy Andriamanitra telo, dia niteny tamiko indray mandeha, hoe, "Matio 3 dia milaza tanteraka tokoa fa misy telo, Olona isam-batan'olona telo ao amin'ny maha-Andriamanitra."

441 Hoy aho hoe, "Tsy maintsy jereoko izany."

442 Hoy izy hoe, "Diniho." Nitsangana teo amin'ny polipitra mihitsy, hoy izy hoe, "Jereo eto, Matio 3." Hoy izy, "Rehefa nivoaka avy hatrany avy tao amin'ny rano Jesosy, indro, fa nisokatra Taminy ny lanitra. Ary nahita ny Fanahin'Andriamanitra tahaka ny voromailala Izy. Ary nisy Feo iray avy tany An-danitra nanao hoe, 'Ity ny Zanako Malalako izay Sitrako hitoerana.' Ary nisy telo teo: ilay Zanaka teo amin'ny morona; ilay Fanahy Masina teo anelanelany; ary ilay Ray teo ambony."

Hoy aho hoe, "Rahalahy, tsy mivaky tahaka an'*izany* ny Soratra."

"Oh, eny, izany ilay izy."

Hoy aho hoe, "Ankehitriny dia vakio indray Izany, jereo raha izany Izy."

443 Ankehitriny, ity ny sariny. *Ity* no Andriamanitra, ilay Zanaka; *ity* no Andriamanitra, ilay Ray; *ity* no Andriamanitra, ilay Fanahy Masina, tahaka ny voromailala iray. Diniho ankehitriny. Ny Baiboly no nilaza, rehefa natao batisa Jesosy hoe, "Nivoaka avy hatrany avy tao anaty rano ilay Zanaka, indro, fa nisokatra teo Amboniny ny lanitra. Ary nisy Feo iray nanao hoe . . . Izy dia nahita ny Fanahin'Andriamanitra, ilay Fanahin'Andriamanitra, tahaka ny voromailala iray." Tsy hoe Olona iray no *teto* ambony teto, fa ity Fanahin'Andriamanitra ity no Voromailala izay teo Amboniny. Ary nisy Feo iray tonga, nanao hoe, "Ity ny Zanako Malalako, izay Sitrako hitoerana." Ankehitriny vakio ny Matio 3 dia jereo raha tsy milaza an'izany Izy. Hitanareo? Tsy olona telo, tsia mihitsy.

444 Ary tahaka an'izany . . . Ity dia tsy milaza fa tsy azon'ny olona iray atao ny mba hiverina indray, arak'izany, rehefa

miverin-dàlana izy. Tsy milaza an'izany izy. Tsy milaza an'izany izy. Izany dia milaza hoe, "Tsy azon'ny olona iray atao ny mba hiverina indray mba hanavao ny tenany, taorian'ny naha-tao azy indray mandeha." Tsy afaka manao an'izany izy.

445 Hoy ny Baiboly hoe, "Izay naterak'Andriamanitra, dia tsy manota, satria tsy afaka manota izy. Satria ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy, ka tsy afaka manota izy." Ahoana no ahafahako hantsoina hoe mpanota iray, nefa misy fanatitra iray mipetraka eo mba haka ny toerako? Ahoana no ahafahako ho faty, nefa efa voaloa ho ahy ny fahafatesana? Ahoana no ahafahako ho faty, nefa manana Fiainana Mandrakizay aho? Ahoana no ahafahako manao an'izany? Tsy afaka manao an'izany ianareo.

446 Ahoana no ahafahako manana alàlana voasoratra avy tamin'ilay ben'ny tanàna an'ity tanàna ity, handeha enimpolo maily isan'ora manerana an'ity tanàna ity, nefa hisambotra ahy ny manam-boninahitra iray nohon'ny fandehanako enimpolo maily isan'ora? Ahoana no ahafahanareo hanao an'izany? Manana alàlana iray avy tamin'ilay ben'ny tanàna aho izay milaza fa afaka manao an'izany. Tsy afaka misambotra ahy izy. Ny—ny fisamborany, afaka mitsoka ny kiririoka sy ny zavatra hafa rehetra izy, fa afaka tsy miraharaha an'izany fotsiny aho. Tsy midika zavatra iray izany; manana alàlana iray aho.

447 Koa ahoana no ahafahako, arak'izany, rehefa avy maty ho ahy Kristy ka lasa Fahamarinany aho nohon'ny Fahasoavany sy ny fitiavany ahy? Ahoana no ahafahako hanota, nefa misy zavatra mipetraka eo anelanelako sy Andriamanitra, fanatitra iray? Tsy afaka manota aho. Tsy afaka manao an'izany aho. Tsy mahita ahy mihitsy Andriamanitra; mahita an'i Kristy Izy. Izy no mitsangana eo amin'ny toerako. Ary rehefa manao ratsy aho, dia Kristy no maka ny toerako. Nanao ny fiaikeko aho hoe, "Diso aho. Izy no marina. Tompo, Fantatrao ny foko. Fantatrao na fanahy iniako ilay izy na tsia. Ary diso aho. Mamelà ahy." Tsy mahita an'izany mihitsy Andriamanitra. Ny Ràn'i Jesosy no nandrakotra ahy, isan'andro. Noho izany dia ahoana no mba ahafahan'Andriamanitra hahita ahy? Ahoana no ahafahan'ny fahotana ho—ho isaina ho ahy, nefa tsy afaka manao an'izany Izy? Vantany vao manao an'izany mihitsy aho, dia voavela ilay izy. [Manapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Marina izany.

448 Tahaka ny maka fotsiny ny—ny fitaovana fandatsahana indray mitete kely tahaka an'*ity*, fitaovana fandatsahana indray mitete kely amin'ny maso, ary mameno ranomainty azy ka mihazona azy eo ambonin'ny famotsian-javatra iray barika, ka mandatsaka an'izany ao, ary avy eo dia manandrana hahita an'izany indray. Mivadika ho famotsian-javatra fotsiny izany. Lasa famotsian-javatra ilay ranomainty. Ary izany ilay izy, ireo fahotanareo voaaiky, raha ao amin'i Kristy ianareo. Misy barika

famotsian-javatra iray eo anelanelanareo sy Andriamanitra, ary lasa fahamarinana ny fahotanareo satria miandry eo ho anareo ny Fanatitra marina iray.

> Rehefa tonga eo amin'ilay renirano aho amin'ny fiafaran'ny andro,
> Ka hitsoka ireo rivotry ny alahelo farany;
> Dia misy fisainana iray izay mampahery ahy sy manao ny foko ho faly,
> Tsy hiampita irery an'i Jordana aho.

449 Izany no zavatra tsara anankiray. Izany no zavatra tsara anankiray. Tsy voatery hiampita an'izany aho. Indray andro any, dia ho tonga eo amin'ny faran'ny làlana isika. Handà tsy hamiratra ny masoandro, amin'izay fotoana izay dia hiantso Andriamanitra.

450 Hanatsotra tànana i Adama ka hanozongozona an'i Eva, ary hanao hoe, "Malala, io ilay izy. Izao no ora hifohazana."

451 Hanatsotra tànana i Eva ka handray an'i Abela, hanao hoe, "Avia, ry malala. Izao no fotoana hifohazana." Handray an'i Seta i Abela. Ary Seta handray an'i Noa. Noa handray an'i. . . Oh, manohy midina, manohy midina hatrany amin'i Abrahama, ary midina arakaraky ny ahatongavan'izy ireo. Hisy fanozongozonana sy famohazana lehibe iray rehefa tonga ny Zanak'Andriamanitra. Hitsangana ao amin'ny fitoviana Aminy isika amin'izany andro izany.

452 Ankehitriny, raha manota ianareo eto, dia handoa an'izany ianareo. Izaho efa . . .

453 Mitohy tonga ao an-tsaiko mihitsy izany, tsy maintsy teneniko ilay izy. Efa niezaka ny hamono an'izany aho, in-efatra na in-dimy. Tsy maintsy lazaiko ilay izy. Firy no mahatsiaro an'ity rahalahy ity, pasitera, izay tao amin'ilay fiangonan'Andriamanitra teto taloha? Rahalahy, teto mihitsy, iza moa ny anarany? Niasa ho an'ny Vorgang tany. Oh, ianareo rehetra. . . Ilay fiangonan'Andriamanitra Voalohany, teto amin'ny zoron-dàlana teto mihitsy. Na, nivarotra ny an'ny Rawleigh taloha tamin'ny fotoan'ny—an'ny fahasarotana. Tena lehilahy tsara fanahy, masina. Rahalahy Smith no naka ny toerany tany. Hiantso ny anarany aho afaka minitra vitsy. Lehilahy iray novonjen'Andriamanitra izy.

454 Tsarovy, raha tsy manaiky hahitsy ianareo, nefa manao zavatra ratsy amin'ny maha-Kristiana iray, dia hampitandrina anareo Andriamanitra. Ary avy eo raha tsy mandray an'ilay fampitandremana ianareo, dia hanaisotra anareo hiala amin'ny tany avy hatrany fotsiny Izy. Izany no Nataony.

455 Tsaroanareo ve, ao amin'ny Baiboly? Jereo ilay fiangonana Korintiana. Niteny tamin'izy ireo izay naha-izy azy ireo izy, ara-toerana, tao amin'i Kristy. Fa nampitandrina azy ireo ny

amin'izay hitranga izy. Dia nanitsy ny tenany izy ireo, lasa nahitsy, tamin'Andriamanitra.

456 Ary ity rahalahy kely ity, rahalahy kely iray mahafinaritra izy, mino aho, lehilahy iray novonjen'Andriamanitra. Ary nahita asa ho azy izy teto tao amin'ny . . . tao amin'ny Vorgang. Raha misy sasany amin'ny olony mipetraka eto, dia manantena aho fa tsy mihevitra ianareo fa izaho . . . Tsy fantatro raha mipetraka eto ianareo. Fa, Ramsey, Rahalahy Ramsey, firy no mahatsiaro an-dRahalahy Ramsey ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra eto? Azo antoka, mahatsiaro ianareo, lehilahy kely mahafinaritra. Ary tonga tany an-tranoko izy taloha ka niara-niresaka izahay, ary nipetraka tany ka nitomany sy nifandray tànana; tena Kristiana iray.

457 Indray andro dia nandeha tany aho, vao avy tany am-pitan-dranomasina mihitsy tao amin'ny fivoriana iray, nanao fanamarinana ny fiarako, hoy Rahalahy Ramsey hoe, "Inona no azoko atao ho anao, ry Billy?"

458 Hoy aho hoe, "Amarino izy, Rahalahy Ramsey. Soloy ny menaka."

459 "Eka," hoy izy, "tsara, tena tsara." Hoy izy, "Nanana fivoriana tsara ve ianao?"

460 Hoy aho hoe, "Oh, Rahalahy Ramsey, nahafinaritra ilay izy." Hoy aho hoe, "Maniry aho ny ahafahanao handeha hiaraka amiko indray andro any. Nahoana ianao no tsy mandeha miaraka amiko?"

Hoy izy hoe, "Tsy manompo ny Tompo intsony aho, ry Billy."

Nitodika aho, hoy aho hoe, "Inona no nolazainao?"

461 Somary nilaza fotsiny izy hoe, "Tsy manompo Azy intsony aho," lasa nandeha.

462 Nieritreritra aho hoe, "Oh, mivazivazy fotsiny izy." Lasa aho, nandeha tany ho any.

463 Niverina aho ary niditra tao anatin'ny fiarako. Tonga tany an-trano aho, ary nanomboka nieritreritra ny amin'izany hoe, "Tsy manompo ny Tompo intsony aho."

464 Ny Tompo no nametraka an'ilay izy tao am-poko mba hiverina ary hanontany azy indray. Noho izany, dia hoy aho hoe, "Meda, ambeno fotsiny ilay manda."

465 Dia niditra aho, ary niditra tao anatin'ny fiarako ka nandeha niverina tany, nijanona indray, niditra tao amin'ny Vorgang. Hoy aho hoe, "Rahalahy Ramsey, te-hametraka fanontaniana iray aminao aho."

Hoy izy, "Eny àry, ry Billy, inona ilay izy?"

Hoy aho hoe, "Nilaza ianao, vao teo, fa tsy manompo ny Tompo intsony ianao. Namazivazy ahy fotsiny ianao, sa tsy izany?"

Hoy izy hoe, "Tsia."

Hoy aho hoe, "Rahalahy Ramsey, ianao—tsy izany no tianao ho lazaina."

Hoy izy hoe, "Eny."

Hoy aho hoe, "Tsy tia Azy ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Raha tia Azy aho, dia ho nanompo Azy. Sa tsy izany, ry Billy?" lasa nandeha.

Nieritreritra aho. "Hono ho'aho, Rahalahy Ramsey!"

Hoy izy, "Tsy te-hiresaka ny amin'izany intsony aho."

466 Nandeha nody aho, niditra tao amin'ny efitra, nakatoko ny varavarana. Ary, oh, fantatrareo hoe ahoana no ahatsapanareo ho tena mavesatra, toy ny hoe naka mofomamy avy teo amin'ny zazakely iray na tahaka an'izany, fantatrareo. Izaho—nieritreritra aho hoe, "Inona? Tsy mety izany. Azo antoka fa nisy zavatra nitranga tamin-dRahalahy Ramsey."

467 Ary misy zazalahy kely mainty hoditra iray, antsoina hoe Jimmy, manketo amin'ny fiangonana eto izy. Ranjo iray no ananany, fantatrareo; mandringa izy, karazany. Adinoko ny anarany, miasa any amin'ny Vorgang any, mitondra fitaterana fiara simba. Nihaona tamiko izy, ary hoy izy hoe, "Fantatrao, Rev. Branham," hoy izy, "tsy fantatro ny mikasika an'ity Dr. Ramsey eto ity." Hoy izy hoe, "Niteny taminy aho, indray andro, nanao hoe, 'Izahay rehetra dia matahotra na dia ny hanokatra ny vavanay aza manodidina eto.' Hoy izy, 'Lehilahy tsara fanahy iray ianao.' Saingy," hoy izy, "Nalainy ny taratasy fanendrena azy ho mpitory teny ka nandeha nankeo amin'ilay fanariam-pako ary nandrovitra azy ireo, ary nanipy azy ireo tao anatin'ilay fanariam-pako, nanao hoe, 'Tsy te-hanao na inona na inona amin'ity intsony aho.'"

Hoy izy hoe, "Hey, ramose!" Hoy izy, "Tsy tokony hanao an'izao ianao."

Hoy izy hoe, "Oh, ry Jim, nahavita ny fanompoako ny Tompo aho."

Noho izany dia nanohy izy, nanao hoe, "Tsy izany no tianao lazaina."

468 Dia hoy izy, "Avy eo dia niteny tamiko izy, nilaza fa ho avy izy handoro an'ireo sopapany, amin'ny Fetin'ny Asa," mino aho fa izay ilay izy. "Ary hoy izy hoe, 'Ankehitriny, tiako ianao ho avy hanampy ahy, ry Jim.'"

469 Hoy izy hoe, "Hanampy anao aho rehefa avy any am-piangonana, saingy handeha any am-piangonana aho aloha."

470 Nilaza izy fa niverina tany, "Ary nandoro an'ireo sopapany teo amin'ny fiarany Atoa. Ramsey. Hoy izy hoe, 'Jimmy, mandehana haingana mankany am-pitan'ny renirano. Mikatona

ireo fivarotan-toaka eto. Mandehana haingana any am-pitan'ny renirano dia itondray labiera iray kesika aho.'"

471 Hoy izy hoe, "Atoa. Ramsey, efa meloka tamin'ny zavatra maro aho, fa tsy ho meloka mihitsy amin'ny fitondrana labiera iray kesika ho an'ny mpanompon'ny Tompo iray." Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko. Tsy hanao an'izany mihitsy aho."

472 Dia hoy izy hoe, "Eny, mandehana. Ento izany, ry Jim."

473 Hoy izy hoe, "Atoa. Ramsey, mandoro ny sopapanao aho. Fa raha mila labiera ianao, dia ianao ihany no mandehana maka azy." Hoy izy hoe, "Tsy hitondra zavatra tahaka an'izany ho an'ny mpanompon'ny Tompo iray mihitsy aho."

474 Noho izany dia niditra tao anatin'ny fiaran'i Jimmy i Ramsey, nandeha teny am-pitan'ilay renirano; niverina, mamo tapaka, niaraka tamin'ny labiera iray kesika, nisotro an'izany.

475 Nanomboka nihena izy, ary lasa narary. Hitanareo? Tsy afaka niresaka taminy Andriamanitra. Nampitandrina azy aho, nanao ny zavatra rehetra izay vitako. Nandeha nankany aminy Rahalahy Smith ary nampitandrina azy. Ny olona rehetra dia niezaka nanao ny zavatra rehetra izay vitany ho azy. Fa mbola, nanodinkodina ny lohany foana izy. Inona no nitranga? Lasa narary izy ary maty. Izany no naneho fa lehilahy iray voavonjy izy. Raha tsy afaka nanao azy Andriamanitra . . . nitondra azy tao amin'ny fankatoavana, dia voatery nanaisotra azy tamin'ny tany Izy ary nitondra azy any an-Trano. Izany marina tokoa no nolazain'ny Baiboly. Izany no ampanantenain'ny Baiboly. Raha tsy mahatanty fanitsiana ianareo, dia tsy maintsy hody any an-Trano.

476 Noho izany dia tsy afaka mahavery anareo Andriamanitra rehefa avy namonjy anareo Izy, saingy afaka manafohy ny andronareo eto Izy, ary manao anareo handoa ny fahotana rehetra izay nataonareo. Noho izany, raha manota ianareo, dia tsy maintsy handoa an'izay nataonareo. Tsarovy fotsiny izany.

477 Ankehitriny, homba anareo anie ny Tompo ankehitriny. Mino aho, izao hariva izao, fa voavonjy Rahalahy Ramsey. Tanteraka tokoa, mino an'izany aho. Fa tsy nankatò an'Andriamanitra fotsiny izy, ary rehefa tsy nankatò an'Andriamanitra izy, dia voatery nitondra azy nody Andriamanitra. Izany ihany no zavatra tokana hatao, satria, inona izany? "Ho nitondra latsa sy fahafaham-baraka ho an'ilay Rà nanamasinana azy izy." Marina ve izany? "Ary nanao an'ilay fanekena ho zavatra tsy masina," raha tsy izany marina tokoa no nolazain'ity epistilin'ny Hebreo ity. Hitanareo? Tsy azo atao ny hahavery azy, fa ho nitondra henatra sy fahafaham-baraka izy, noho izany dia voatery nanaisotra azy hiala amin'ny tany Andriamanitra ka nitondra azy any an-Trano. Izany marina tokoa no niseho.

Ankehitriny ny Tompo hitahy anareo, raha manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika ho an'ny vavaka.

478 Ankehitriny, Ray mpiahy sy masina indrindra, mankasitraka Anao tokoa izahay ny amin'ny teny fikasana izay azonay, hoe tsy hamela anay mihitsy Ianao na handao anay. Ianao no nampanantena fa homba anay Ianao mandritry ny fiainana, ary ho eo akaikinay Ianao amin'ny fahafatesana. Ianao no nampanantena anay fa nanana Fiainana Mandrakizay izahay. Ianao no nanome anay an'Izany maimaimpoana. Tsy afaka ny hahavery an'Izany mihitsy izahay. "Izay rehetra manatona Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay." Ary raha Fiainana Mandrakizay izany, dia tsy manana fiafarana Izany, ary Ianao no nampanantena fa hanangana anay amin'ny andro farany. Mankasitraka izahay ny amin'izany. Mankasitraka izahay fa Ny Teninao no mampianatra anay an'izany. Izany no manome anay fanantenana iray azo antoka. Izany no manao anay hahafantatra fa ny Rainay dia Fitiavana. Tia anay Izy, ary nifidy anay Izy. Hoy Ianao hoe, "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo sy nandahatra anareo." Ary misaotra Anao aho, Ray, fa Nataonao izany. Ary maro no mipetraka eto, izao hariva izao, sy izay efa voalahatra ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, ary nandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjiny manokana. Ary manaraka ny fiainan'izy ireo ny vokatry ny Fanahy: malemy fanahy, mora fanahy, manetry tena, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy. Mankasitraka izahay ny amin'ireo.

479 Ary mivavaka izahay, Ray, hoe raha misy sasany ato, izao hariva izao, izay tsy manana an'ireo vokatra ireo manaraka azy, fa mitoetra eo ambonin'ny foromporonina iray, satria lasa taitaitra izy ireo, indray andro, satria ara-pihetsehampo izy ireo, nahatsapa ho tsara izy ireo, mety efa nihiakiaka izy ireo, mety efa nanao zavatra maro izy ireo. Fa, Ray, raha tsy manana ny vokatry ny Fanahy izy ireo, izay mitahiry azy ireo isan'andro ao amin'ny fitiavana tsy ankitsahatra, mamela an'ireo fahavalony, manitsy ny fahadisoany, ary miaina ampiadanana sy am-pitiavana, ary mora fanahy sy tsara fanahy amin'ny hafa, ary hafanam-po iray ho an'ny Fiangonana, fitiavana ho an'i Kristy sy ho an'ireo Zanany, O Andriamanitra Mandrakizay, mamelà azy ireo. Na dia mambran'ny fiangonana aza izy ireo, mambran'ny vatan'ny tany, dia enga anie izy ireo handeha ankehitriny ka hanaisotra an'ireo asa ara-nofo, maty, ary handroso any amin'ny fahatanterahana. Ekeo izany, Tompo. Enga anie izy ireo hanatona an'ilay Anankiray tanteraka ka handray Azy ho fanaovam-panavotana iray ho an'ny fahotany, mba Ahafahany hitsangana ho fanatitra tanteraka iray ho an'ny lehilahy meloka iray sy vehivavy meloka iray. Ary omeo azy ireo ny fahasoavan'ny Fitiavany sy ny fiadanany, mandrapiditr'izy ireo eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra mba ho velona mandrakizay. Ekeo izany, Ray.

Raha mbola manondrika ny lohantsika isika:

480 Raha misy anankiray tahaka an'izany izay te-hanova fiainana ara-nofo iray an'ireo fitsipika, ireo batisa, ireo fahatsapana, ireo zavatra ara-nofo kely tahaka an'izany, ho tena fo iray feno tena fitiavana, ka—ka afaka hanatona ny fahavalonareo mangidy indrindra ianareo, hametraka ny sandrinareo manodidina azy ka hanao hoe, "Rahalahy, hivavaka ho anao aho. Tia anao aho." Raha te-hanova an'io fahatsapana an'ireo zavatra ara-nofo io ianareo ho tena fahatsapampitiavana iray, dia hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra ve ianareo? Ary manaova hoe, "Andriamanitra, raiso aho izao hariva izao, ary ataovy amin'izay tokony haha-izy ahy aho." Hivavaka ho anareo aho, avy eto amin'ity polipitra ity mihitsy. Haniry vavaka ve ianareo? Atsangano ny tànanareo.

481 Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Olon-kafa iray? Andriamanitra hitahy anao, tompoko. "Efa tao amin'ny fiangonana nandritry ny taona maro aho." Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao eto, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, ramatoa kely. "Hangataka an'Andriamanitra aho hanao ahy ho feno fiadanana." Ianareo ve. . . Tena mora misendoatra ve ianareo? Mora tezitra ve ianareo? Misalasala ve ianareo? Misavoamboana ve ianareo? Manontany ve ianareo na tena marina Izany na tsia? Rehefa manatona an'i Kristy ianareo, dia manatona miaraka amin'ny antoka feno iray ve ianareo, fo iray feno fitiavana? Manatona Azy tsy misy tahotra iray ve ianareo, manao hoe, "Fantatro fa Izy no Raiko"?

482 Ary tsy misy fanamelohana, efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Fantatrareo izany. Ary mahamarika ny fiainanareo ianareo: tia ianareo, mamela ianareo, malemy fanahy ianareo, feno fiadanana ianareo, mora fanahy ianareo. Ireo vokatry ny Fanahy rehetra dia manaraka ny fiainanareo, isan'andro. Ary vantany vao manao zavatra ratsy ianareo, "Oh, oadray." Vantany vao tonga ao antsainareo mihitsy ilay izy hoe, "nanao zavatra ratsy ianareo," dia manitsy an'izany haingana mihitsy ianareo, eo no ho eo. Aza miandry an'ilay minitra iray hafa, mandehana eo no ho eo ka ahitsiho izany. Raha tsy manao ianareo, eny, dia tsy manana ny Fanahin'i Kristy. Mety ho vehivavy tsara iray ianareo, mety ho lehilahy tsara iray ianareo, mety ho voahevitra tsara ianareo ao am-piangonana, mety ho voahevitra tsara ianareo ao amin'ny fiaraha-monina, saingy nanohy mankany amin'io fahatanterahana io ve ianareo, mankany amin'io toerana izay ahatokianareo manontolo an'i Kristy io? Ary amin'ny alàlan'izany, no anomezana anareo an'ilay tombokase. "Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ka nisaina ho fahamarinany izany. Avy eo dia nomen'Andriamanitra azy ny tombokasen'ny famorana, ho fanamarinana iray."

483 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, “Mino an’Andriamanitra aho. Nanao fiaikena iray aho.” Saingy efa nanome anareo ny tombokasen’ny Fanahy Masina ve Andriamanitra, mihatra eo amin’ny fiainanareo, an’ny fitiavana, fifaliana, ireo vokatry ny Fanahy, mba hanaporofo fa efa voavonjy ianareo? Raha tsy nanao an’izany Izy, amin’izay fotoana izay dia tsy mbola nanaiky ny finoanareo Izy. Nanao fiaikena iray fotsiny ianareo. Tsy nanaiky an’izany Izy, misy zavatra tsy mety ao. Tianareo ve ny handray Azy, raha izany? Atsangano ny tànanareo, raha misy olon-kafa, alohan’ny hivavahantsika.

484 Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, ihany koa. Andriamanitra hitahy anao. Eny àry. Olon-kafa iray, alohan’ny hivavahantsika mihitsy? Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Marina izany. Eo amin’ny tànana folo, dimy ambin’ny folo no nitsangana.

Ndao isika hivavaka ankehitriny.

485 Tompo finaritra, eo amin’ny sezan’izy ireo, no ahitany alitara iray. Eo amin’ny sezan’izy ireo, izay ipetrahan’izy ireo ankehitriny, no Nitenenanao tamin’ny fon’izy ireo, hoe izy ireo dia “diso.” Eo amin’ny sezan’izy ireo no Nametrahanao faniriana iray tao am-pony, hoe izy ireo “dia maniry ny hitovy betsaka amin’i Jesosy.”

486 Mila ny fiainan’izy ireo hiova izy ireo. Te-ho malemy fanahy sy manetry tena izy ireo. Te-ho mora fanahy sy ho feno faharetana izy ireo. Te-ho mahari-po izy ireo, mandefitra. Te-hitovy amin’ny tena Kristiana izy ireo, tena hitovy amin’i Kristy, hany ka hilaza izao tontolo izao, raha mandeha eny an-dàlambe izy ireo hoe, “Tena Kristiana marina tokoa io lehilahy io. Tena Kristiana marina tokoa io vehivavy io. Oh, izy ireo no olona malemy fanahy indrindra, mora fanahy indrindra, tsara fanahy indrindra!”

487 Ekeo izany, Tompo, mba handraisan’izy ireo an’izany fahatsapana izany, izao hariva izao. Ary enga anie izy ireo tsy hijanona eo amin’ny fahaiza-manaony amin’ny fiangonana intsony, eo amin’ireo fifandraisany amin’ny fiangonana iray, anaram-piangonana iray; na eo amin’ireo fihetseham-pony koa, eo amin’ny foromporonina iray, karazan-javatra ara-pihetseham-po, zavatra iray izay nitranga; efa nihiakiaka angamba izy ireo, niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra, na zavatra hafa.

488 O Andriamanitra Mandrakizay, aza avela hanandrana hahatoky ny handeha any An-danitra eo amin’izany izy ireo, satria efa imbetsaka no nahitanay an’izany tsy nahomby tamim-paharatsiana. Fa Ianao no nilaza hoe tsy hahomby izany,

"Na ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, hitsahatra izany! Eo amin'izay misy ny faminaniana, dia hitsahatra izany. Eo amin'izay misy ny fahalalana, dia hanjavona izany. Oh, eo amin'izay misy an'ireo zavatra rehetra ireo, na dia ireo fanomezam-pahasoavana aza, ireo fahagagan'ny fanasitranana, dia ho levona miaraka amin'izany izy rehetra. Ny fitiavan'Andriamanitra irery ihany no haharitra."

489 Andriamanitra, amoròny an'izany ao amin'ny fon'izy ireo, ary aoka izy ireo hahafantatra fa ny Fanahy no mitondra vokatra. Ataovy izany izao ankehitriny izao, Tompo, raha miandry Anao izahay, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

490 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ireo vongan'afo manidina, ary ny mahita an'ireo domohina mandeha mandroso sy miverina manerana ny tranobe, ny mahita an'i Kristy miditra miaraka amin'ny tsilo eny an-Tànany, ary eo amin'Ny . . . Oh, efa fantatrareo ve fa izany dia fanamboamboaran'ny antikristy? Hoy Izy hoe, "Rehefa manomboka miseho ireo zavatra ireo, amin'izay fotoana izay dia miandrandrà, fa akaiky ny fanavotana anareo." Koa izany no antony itiavako manolotra ny minitra rehetra izay vitako ho an'ny fiangonana, sy hanao anareo ho mafy. Mety tsy hiaraka amintsika isan'andro Rahalahy Neville. Mino an-dRahalahy Neville ho mpampianatra tsara iray, an'ny Filazantsara marina aho. Tsy fantatsika izay hitsofoka ao ambadik'ity polipitra ity, fa, rehefa ho tonga eto izany, "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko." Mijanòna miaraka amin'ity Teny ity. Aza miala amin'ity Teny ity mihitsy. Mijanòna tsara amin'Izany. Mijoroa mafy ao amin'ny fahafahana izay nanafahan'i Kristy anareo. Aoka tsy ho voafandrika ao amin'ireo ziogan'ny fanandevozana sy ny sisa ireo. Mijoroa mafy, ary mijoroa afaka. Andriamanitra anie hitahy anareo. Tsy manana na inona na inona hatahorana isika eto amin'izao tontolo izao.

491 Manontany foana ianareo. Mahamarika olona manatona mba hivavahana aho, hitsofoka ao anatin'ilay laharana izy ireo. Ny andro manaraka dia mahita asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana iray izy ireo, hiditra ao anatin'*ity* laharana ity izy ireo, hitsofoka ao anatin'*ity* laharana ity izy ireo. Tsy manameloka azy ireo aho. Miezaka mitady fitoniana izy ireo, saingy mandeha ao amin'ilay làlana diso izy ireo. Manao an'ilay mifamadika ianareo, izay nolazain'Andriamanitra mba tsy atao. Hitanareo? Rehefa manatona am-pahasahiana ny Seza fiandrianan'ny fahasoavana ianareo, ka mino, fa, "Izay nangatahanareo, dia ho azonareo." Mijanòna miaraka amin'Izany. Tahaka an'izany no nahavita an'ilay izy; tsy mitetitety avy amin'ny asa mankany amin'ny asa, avy amin'ny fiangonana mankany amin'ny fiangonana, avy amin'ny asam-pitoriana mankany amin'ny asam-pitoriana.

492 Nahoana, nataon'izy ireo tahaka ny andiana hadalana iray ireny asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana ireny. Izany tokoa, no nataony. Izany dia tonga teo amin'ny toerana iray izay, ireo olona mahay, mijery manodidina izy ireo ka manontany hoe inona daholo ny mikasika an'ilay izy. Fa, tsy mila an'ireo zavatra ireo Andriamanitra. Tsy tokony ho any amin'ny asam-pitoriana ny fanasitranana. Tokony ho ao amin'ny fiangonana tsirairay ao an-toerana ny fanasitranana, ireo fanomezam-pahasoavana rehetra miasa ireo. Fa aza mandeha manisy tsindrim-peo eo amin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo. Aza miraharaha an'ilay fanomezam-pahasoavana. Raha tian'Andriamanitra ny hampiasa anareo ho an'ny zavatra iray, dia Hataony izany. Fa, tadiavo ilay Mpanome.

493 Martin Luther, vao avy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy indray mandeha, dia nanontaniana izy hoe nahoana izy no tsy nitory an'izany, hoy izy hoe, "Raha nitory an'izany aho, dia hitady an'ilay fanomezana ny oloko raha tokony ho ilay Mpanome." Marina izany.

494 Moody, indray andro, niteny, ary nanomboka, rehefa nitory teny tena teo ambanin'ny tsindrimandry izy, dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Hoy izy hoe, "Andriamanitra, mamelà ahy nohon'ny nimonomononana teny adaladala." Izany tokoa. Hitanareo? Ary nanana an'ireo zavatra ireo izy ireo. Mino an'ireo zavatra ireo isika, saingy tsy maintsy apetraka amin'ny toerany izy ireo. Ary tsy tokony ho voapetraka ho porofo izy ireo.

495 Tsy misy zavatra anankiray tavela ao amin'ny Baiboly, ho "porofon'ny Fanahy Masina," afa-tsy ny vokatry ny Fanahy irery ihany. Mitadiava toerana iray izay nilazan'i Jesosy an'izany. Eny, tompoko. Ny porofon'ny Fanahy Masina dia ny vokatry ny Fanahinareo. Jesosy no niteny an'izany hoe, "Ny voany no hahafantaranareo azy ireo." "Ary ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fiadanana, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy. Ary ny vokatr'ilay fahavalo dia fifandrafiana, fankahalana, lolom-po, fifamaliana, sy ny sisa; izany no vokatr'ilay fahavalo." Noho izany, afaka mitsara amin'ny alàlan'ny fomba iainanareo ianareo, hoe aiza no itsangananareo miaraka amin'Andriamanitra. Raha latsa-pitia Aminy ny fonareo manontolo, ary tia Azy ianareo ka malemy fanahy, ary miaina miaraka Aminy isan'andro, dia fantatrareo fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Raha tsy izany, ka hafa ianareo, dia maka tahaka fotsiny ny Kristiana iray ianareo. Marina izany. Fa, ireo fakan-tahaka ara-nofo rehetra dia hiharihary tokoa. Fantatsika izany.

496 Noho izany, aza miaina an'izany karazam-piainana izany, tsy voatery ianareo. Nahoana ianareo no hanaiky mpisolo iray, nefa ny lanitra ambony manontolo dia feno ny tsara sy ny tena

izy? Izany tokoa. Avelao aho haka an'Andriamanitra, dia izay no ilaiko. Amena.

497 Ankehitriny, misy olona tonga mba hivavahana ve? Raha ianareo izany, dia atsangano ny tànanareo. Nanana fotoam-panasitranana isika aninkeo maraina. Heveriko arak'izany . . . Ity ramatoa eto ity? Eny àry, ranabavy, handroso ve ianao arak'izany? Ary ny rahalahintsika, loholona, eto, avia ankehitriny ho an'ny fanosorana.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]
. . . mamiràta eo amiko;
Oh, mamiràta eo amiko, Tompo, mamiràta eo amiko,
Aoka hamiratra eo amiko ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro.

498 Tsy mahafinaritra ve Izy? Ndao isika hanondrika fotsiny ny lohantsika, tena moramora ankehitriny. Ary, *Mamiràta Eo Amiko*, indray. Ankehitriny, ndao ankehitriny, ny olona rehetra, hoe, "Mamirata . . ." Manompoa Azy fotsiny ao amin'ny fanahinareo ankehitriny, hitanareo, miha-malefaka. Hanomboka ny fotoam-panasitranana. Tapitra ny hafatra. Ndao isika hanompo.

Aoka hamiratra eo amiko ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro;
Oh, mamiràta eo amiko, Tompo, mamiràta eo amiko.
Aoka hamiratra eo amiko ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro hamiratra.

Hitovy amin'i Jesosy mihitsy, hitovy amin'i Jesosy,
Oh, eto an-tany dia maniry fatratra ny hitovy Aminy aho;
Mandritry ny diam-piainana rehetra manomboka eto an-tany hatrany amin'ny Voninahitra,
Dia ny hitovy Aminy fotsiny ihany no angatahiko.

Handeha ao amin'ny Hazavana isika, tena Hazavana tsara tarehy,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo;
Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Ianareo olo-masin'ny Hazavana rehetra ambarao,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao,
Amin'izay fotoana izay dia haneno ireo lakolosin'ny Lanitra,
Jesosy, ilay Hazavan'ny . . .

Raiso izahay, Tompo, raha manompo Anao.

Handeha ao amin'ny Hazavana isika, Hazavana
tsara tarehy,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny
famindrampo;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro
aman'alina,
Jesosy ilay Hazavan'izao tontolo izao.

499 Tsy tianareo fotsiny ve izany fikosehana izany? Mahatsapa ho tsara ve ianareo? Atsangano ny tànanareo, mitenena. Misy zavatra mikasika an'ireo hira amin'ny fanao fahiny ireo, ireo hira fideran'ny andro fahiny, aleoko manana azy ireny toy izay ireo hira vaovao rehetra an'izao tontolo izao nampidirina, ary ao amin'ireo fiangonana Kristiana. Tiako ilay andro fahiny, tiako.

Jesosy, hazony eo amin'ilay lakroa aho, (Oadray!)
Eo no misy loharano iray sarobidy,
Malalaka ho an'ny rehetra, reniranom-
panasitranana iray,
No mikoriana avy amin'ny loharanon'i Kalvary.

Eo amin'ilay lakroa, eo amin'ilay lakroa,
Oh, no voninahitro hatrany;
Mandra-pahitan'ny fanahiko ampakarina
Fitsaharana any ankoatr'ilay renirano.

500 Afaka mandeha miala amin'izao tontolo izao tena mora mihitsy aho rehefa hiraina izany. Ary ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mahafinaritra toy ny ahoana! Nilamina ve ny rehetra? Fantatrareo, faly aho fa voalamiko tanteraka izany. Ary ianareo? ["Amena."] Voalamina daholo ilay kaonty tranainy rehetra, efa ela izay. Niteny Taminy aho hoe, "Tompo, tsy mila olana mihitsy aho eo amin'ilay renirano. Izaho—te-hahazo antoka aho ankehitriny." Te-hahafantatra Azy aho. Te-hahafantatra Azy aho.

501 Misy hantsana goavana, mainty iray mipetraka eo anoloan'ny tsirairay avy amintsika. Mandeha mankany amin'izany làlana izany isika. Isaky ny mitempo ny fontsika, dia manakaiky kokoa sy manakaiky kokoa isika. Fa rehefa tonga eo aho, dia tsy te-ho tora-kovitra tahaka ny kanosa iray, te-hampitafy ny tenako ao anatin'ireo akanjon'ny Fahamarinany aho, miditra ao amin'izany, mahafantatra an'ity, hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsangananay aho." Ka, rehefa miantso Izy, dia hivoaka avy eo anivon'ny maty aho. Ny . . .

502 *Ny Finoako Miandrandra Anao*, ndao isika hihira an'izany ankehitriny.

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,

O Mpamonjy Masina.
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny otako rehetra,
Ka aza mamela ahy mba ho diso làlana
Hanalavitra Anao.

503 Ankehitriny, ry Mpampianatra lehibe, satria Ianao no nampianatra anay tao amin'Ny Teninao mahafinaritra indrindra, dia mangovitra fotsiny ny fonay, miaraka amin'ny fahasoavana mampakatra, mba hahafantatra fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izahay. Izany dia tamin'ny alàlan'ny fahatsaram-panahy rehetra an'i Jesosy Tomponay, Izay niantso anay, ary nanasa anay tao amin'Ny Ràny, ary nanolotra anay teo anoloan'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, tsy misy fahadisoana, tsy misy tsiny, satria Izy no nitondra ny fahotanay. Tsy manam-pahotana izahay. "Andriamanitra no nametraka ny helokay rehetra teo Aminy, ary Izy dia voalefona nohon'ny fahotanay." Oh, toy ny ahoana no itiavanay Azy, ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra lehibe!

504 Ary mivavaka izahay, Ray, mba Hanomezanao anay ny fitenenana, fanehoana, mba ahafahanay hiteny amin'ny hafa; mba ahafahan'izy ireo mahafantatra Azy, ihany koa, ary tia Azy, satria tia azy ireo Izy. Omeo anay izany fahasoavana izany.

Ary misaotra Anao, Ray, ny amin'ireo zazakely vao teraka ireo izay vao miditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Enga anie izy ireo hahita fiangonana tsara ao an-toerana any ho any, ary hanompo Anao any mandra-panafaky ny fahafatesana azy ireo amin'ity vatana tranainy fitehirizam-panaintainana sy aretina ity, ka atolory eo Anatrehany izy ireo, tsy misy fahadisoana, tsy misy tsiny, amin'ny taona ho avy, miaraka amin'ny Fiainana Mandrakizay. Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

Hebreo, Toko Fahenina 2 MAG57-0908E
(Hebrews, Chapter Six 2)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 8 Septambra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org